# *Inona Ilay Fanintonana Eo An-Tendrombohitra?*

Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zavatra rehetra azo atao, minoa fotsiny.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

Andriamanitra Ray, izany no vavakay tsotra izao hariva izao, mahita ny rehetra izay Ataonao ho an'ny olona amin'ity andro ity. Ary mangataka Aminao izahay, Tompo, enga anie hino fotsiny izahay, mino fotsiny fa Izao no Fahamarinana, ilay Teny voasoratra tonga voaseho aminay. Ekeo ireo zavatra ireo, Ray.

2 Ankehitriny izao hariva izao dia te-hisaotra Anao izahay ny amin'ny—ny Fahazavana izay Nalefanao eo amin'ny Soratra ho anay izao maraina izao. Ary mivavaka izahay izao hariva izao, Tompo, ao amin'ilay laharam-bavaka, mba Hanamarinanao ny Teninao ho ny Fahamarinana.

3 Mivavaka ho an'ny fiangonana rehetra sy ny fikambanana rehetra izahay izay miangona manodidina ny—ny—ny fanamafisam-peo kely any ivelany rehetra any, avy eto amin'ny firenena, hatrany amin'ny Morontsiraka Andrefana, miakatra any amin'ireo tendrombohitr'i Arizona, midina ao amin'ireo lemak'i Texas, mankany amin'ny Morontsiraka Atsinanana, manerana ny faritra rehetra, Tompo, izay hiangonan'izy ireo. Ora maro mampisaraka, no misy anay ao amin'ny fotoana, saingy, Tompo, miaraka izahay izao hariva izao ho toy ny antoko anankiray, mpino, miandry ny Fihavian'ilay Mesia. Mivavaka izahay, Ray An-danitra, mba Hanirahanao Azy haingana ho an'ny Fiangonanao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anarany izahay. Amena.

4 Afaka mipetraka ianareo. Fiarahabana Kristiana ho an'izay rehetra eto izao hariva izao. Miala tsiny aho fa mbola mifanety sy tery isika hany ka zara raha afaka miaina isika. Na dia ireo milina mpanome rivotra mangatsiaka aza, na dia rivotra mangatsiaka aza izany, dia tsy manome fiantraikany betsaka, be loatra ny olona. Raha fiangonana tsotra anankiray feno olona fotsiny ilay izy, dia hampivaingana anareo ireo milina mpanome rivotra mangatsiaka ireo. Saingy ankehitriny ny tsirairay dia manana fikopahana iray, mikopakopaka, nefa ilay milina mpanome rivotra mangatsiaka efa mitsoka mafy araka izay tratrany.

5 Mandefa ny fiarahabana manomboka any amin'ny Morontsiraka Atsinanana ka hatrany Andrefana izahay, ho

an'ireo sakaizanay rehetra ao amin'i Kristy, izay mihaino. Mandefa ny fiarahabana ho an'ny any San Jose izahay, Rahalahy Borders, ilay vondrona any. Mandefa ny fiarahabana ho an'ireo any amin'ny tendrombohitra, Prescott, Arizona, ho an'ny Rahalahy Leo Mercier sy ny vondrony izay miandry ny Fihavian'ny Tompo any. Mandefa ny fiarahabana ho an'ireo any Tucson izahay, izay miangona izao hariva izao, miandry ny Fihavian'ny Tompo. Ny any Houston, Texas, ho an'ireo izay miandry ny Fihavian'ny Tompo. Any Chicago any, ho an'ireo izay miandry ny Fihavian'ny Tompo. Any amin'ny Morontsiraka Atsinanana, New York sy Connecticut, ary ireo vondrona lehibe any, izay miandry ny Fihavian'ny Tompo. Tsy manana efitra hametrahana azy ireo izahay eto, koa dia tsy maintsy mandefa ny Teny fotsiny izahay amin'ny alàlan'ny—ny fanelanelanan'ny telefona. Mandefa ny fiarahabana ho an'ny Rahalahy Junior Jackson izahay izao hariva izao, sy ny vondrony any Clarksville. Rahalahy Ruddell, any amin'ny faha-roa amby enimpolo any, sy ny vondrony, miandry ny Fihavian'ny Tompo. Ary miangona isika eto izao hariva izao ato amin'ny fiangonantsika, ny tabernakla, miandry ny Fihavian'ny Tompo.

6 Ary ankehitriny, maro aminareo angamba no tsy teto amin'ny fivoriana aninkeo maraina. Saingy matoky aho fa ny tsirairay, izay tsy teto, dia hahazo an'ilay horonam-peo, satria mino aho fa izy io no Hafatra nivantana indrindra ho an'ny fiangonana hatramin'ilay—ilay Hafatra hoe *Tompoko, Amin'Ny Firy Izao?* Nahatsapa an'ilay hosotry ny Fanahy aho, nahatsapa ho voatarika hilaza an'izay nolazaiko. Lava ilay izy, nefa kosa dia nahatsapa ho voatarika nanao an'ilay izy aho. Ary heveriko fa ny Tompo, tamin'ny alàlan'ny Teniny, no naneho hoe ora inona no iainantsika. Ary aoka hahazo antoka fa azontsika ireo zavatra mahagaga izay miseho. Fantatrareo, hoy ny Baiboly hoe, "Ny hendry no hahalala."

7 Fa ireo firenena sy ny olona kosa dia hitombo "hiha-malemy sy hiha-hendry." Eritrereto fotsiny, ny Amerikana antonontonona ankehitriny dia efa ao amin'ny taom-pahamatorana, eo amin'ny roapolo taona eo, miha-malemy saingy miha-hendry. Tsy nanana fiaramanidina izy ireo tamin'izany andro izany, sy—sy fiadiana atomika, saingy velona ela be izy ireo. Isika miha-malemy sy miha-hendry, ary ny fahendrentsika manokana no hanapotika antsika. Isika no hamotika ny tenantsika. Andriamanitra tsy hamotika antsika; ny fahendrentsika no hamotika antsika. Efa izany hatrany ilay izy, ary dia ho izany indray.

8 Ankehitriny, raha sitrapon'ny Tompo, amin'ny Alahady heriny maraina, tsy mahafantatra ankehitriny hoe inona no horesahako, saingy matoky aho fa ny Tompo, raha mamela antsika ho velona Izy ka tsy hisy zavatra hitranga, ary raha

izany no Sitrapony, dia mikasa hiresaka Hafatra anankiray hafa isika amin'ny Alahady heriny maraina, hanana vavaka ho an'ny marary amin'ny Alahady heriny hariva. Avy eo aho dia tsy maintsy miverina any an-trano any Arizona, hitondra ny ankohonana hiverina mba hahafahan'ireo ankizy ho voasoratra any am-pianarana. Avy eo ianareo dia ho. . . Hilazanay ianareo, arak'izay vitanay mihitsy, ny amin'ireo fivoriana arakarak'izay handrosoany, na ireo ora izay izahay. . . ireo toerana izay mety hisy anay. Noho izany, Andriamanitra hitahy anareo rehetra.

9 Ankehitriny izao hariva izao, mahalala fa izany dia. . . Tara dimy ambin'ny folo minitra aho, eto am-panombohana, amin'ny valo latsaka fahefany izao eto Jeffersonville; ary eo amin'ny sivy latsaka fahefany eo izao any amin'ny Morontsiraka Atsinanana, ary koa eo amin'ny dimy eo izao any amin'ny Morontsiraka Andrefana. Noho izany dia eo amin'ny filentehan'ny masoandro eo mihitsy isika eto ankehitriny. Ary te-hiresaka aminareo aho mandritry ny fivoriana fohy, hiezaka ny hahita ny hosotry ny Fanahy, ary avy eo dia hiantso an'ilay laharam-bavaka.

10 Ary tiako ny fiangonana eto, tahaka ny fiangonana mivory any amin'ny toerana hafa, hahita olona anankiray, rahalahy anankiray izay voahosotry ny Fanahy; ka rehefa manomboka hivavaka ho an'ny marary isika, dia mandehana mametra-tànana eo amin'ireo izay ao amin'ny fiangonanareo. Tsarovy, Andriamanitra dia manerana; hatraiza hatraiza Izy. Noho izany, any Texas any, any California any, any Arizona any, na aiza na aiza no misy anareo, mametraha tànana eo amin'ireo izay marary rehefa manomboka mivavaka ho an'ny marary isika. Ary azoko antoka fa handre sy hamaly vavaka Andriamanitra.

11 Zavatra hafahafa, tamin'ny Alahady lasa hariva, ka nandeha ilay hosotra, ary ny Fanahy Masina. . . Tena zavatra anankiray tokoa ilay izy. Izaho dia tsy nanana a—asam-pamantarana nandritry ny volana maro, hatramin'ilay fotoana naha-teto ahy. Ary noho izany ny mandroso eo ambanin'ny fampanantenana anankiray. . . Tsy fantatrareo hoe Hataony ilay izy. Tsy afaka milaza ianareo hoe Hataony ilay izy. Tsy maintsy mandroso fotsiny eo ianareo ary miandry. Masi-mandidy Izy. Manao izay Tiany hatao Izy. Fa mitsangàna eo dia miandrasa izay Hataony, avy eo dia tsapao ilay Izy manenika anareo tahaka an'izany.

12 Ary tamin'ny fiafaran'ilay—ilay fivoriana, tsy nahafantatra hoe iza ilay izy, fa nisy tao le—lehilahy anankiray tao amin'ilay laharana izay ngeza be, sady sola an-tampony, ary tena olona narary tokoa izy.

13 Ary avy eo tamin'ny farany, nisy lehilahy nipoitra teto amin'ny lampihazo, ary niondrika ny lohany, ary toy ny

nijaly izy, nihazona ny tenany teo amin'ny vavoniny. Ary nieritreritra aho fa mety ho io ilay lehilahy voalohany na lehilahy faharoa, na ilay efa avy nivavahako, satria sola izy ary nihazona ny lohany niondrika; lehilahy goavana anankiray, nitanondrika teo. Fa nijery manodidina aho ary nahita an'ilay lehilahy mihaja nipetraka teo, saingy faly izy. Nieritreritra aho hoe, "Aiza ilay izy?" Tsy nety voatandriko izay nisy azy. Tsapako ilay izy ary hitako teo anoloako ilay lehilahy.

Tsapako nisarika taty amin'ilany taty ilay izy, ary avy tany aoriana ilay izy. Nijery an-dRahalahy Neville aho sy ireo anankiroa izay nipetraka teto, tsy izy ireo ilay izy. Hoy aho hoe, "Ao anatin'ny batistera aoriana ao ilay lehilahy." Ary fantatrareo ve hoe iza ilay izy? Rahalahy Shepherd. Ny antony tsy nahafahako nahafantatra azy, dia nipetraka tao aoriana tao izy niaraka tamin'ny lohany niondrika, nivavaka.

14 Nieritreritra izy fa ho faty izy, nandritry ny herinandro vitsivitsy no nieritreretany an'izany. Niteny taminy ny vadiny mba handeha hividy kiraro vaovao, dia hoy izy hoe, "Tsy hilaiko izany. Tsy haharitra ela eto aho."

15 Ary nihaona tamiko izy indray andro tao amin'ny . . . tany teo an-tokotany, tany amin-dry Rahalahy Wood, nihiakiaka sy nidera an'Andriamanitra. Hoy izy, "Mihinana kitozan-kisoa aho, atody, voatabia, izay tiako rehetra."

16 Ary am-panetre-tena dia nandao ny sezany, nandeha nankany aoriana nihataka, ary nivavaka. Hitanareo, tsy mila karatra fangataham-bavaka anankiray ianareo, mila finoana fotsiny ihany ianareo. Hitanareo?

Ankehitriny, tsy nahafantatra aho na sitrana izy na tsia, niteny fotsiny aho hoe, "Ny—ny lehilahy anankiray, nivavaka, nanana zavatra tsy nety izy." Ataoko fa Nolazainy ilay izy hoe inona, "Aretim-bavony, ary mivavaka eto aoriana eto izy. Ny Tompo Jesosy dia manao anao ho tsara." Ankehitriny, izay ihany no azoko nolazaina. Ilay fisintonana no nahatonga azy nivavaka. Azoko nojerena izany, saingy izay nitranga dia tsy fantatro. Hitanareo?

17 Fa rehefa renareo indray Izany, dia mahalala ny rehetra, rehefa hoy Izany hoe, "HOY NY TOMPO HOE," hitanareo, tsy izaho intsony no miteny amin'izay fotoana izay; Izy izany.

18 Fa hoy aho isan'andro hoe, "Jesosy Kristy no nanao anao tsy haratra," izany tokoa ilay Fahamarinana. "Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, ny dian-kapoka Taminy no nanasitranana antsika." Hitanareo? Hitanareo?

19 Saingy rehefa tonga Izany, "HOY NY TOMPO HOE," ka miteny aminareo izay hatao sy izay hitranga, dia diniho izany, ho toy izany ilay izy.

20 Fa rehefa hoy aho hoe, “Jesosy Kristy no manasitrana anao sy manao anao tsy haratra,” dia minoa ianareo an’izany, satria efa Nolazainy izany. Mamerina fotsiny an’izay Nolazainy aho.

21 Ary ny fahitana dia mamerina fotsiny an’izay Nasehony. Azonareo ve?

22 Ankehitriny aoka isika handeha haingana ary hiditra avy hatrany ao amin’ny Teny, satria fantatro fa maro aminareo eto, no hanao dia maily lavitra anio hariva. Mivavaka aho mba hitahian’Andriamanitra anareo, hanampy anareo ary hiaro anareo eny amin’ny làlana rehetra. Ary ankehitriny dia maniry aho ny hamadika izao hariva izao ny ao amin’ny Masindahy Matio, ny toko faha-21, ary ny andininy 1 ka hatramin’ny 11, ao amin’ny Masindahy Matio. Ary, ankehitriny, raha tsy manana ny Baibolinareo ianareo, na raha tianareo ny hanoratra an’ireto Soratra ireto, dia tena tsara.

23 Ary ankehitriny ho anareo izay tsy mbola nandre ny Hafatra mihitsy izao maraina izao, ka manana milina fandraisam-peo; tsy miangavy mihitsy izahay, hivarotana ny horonam-peo. Tsy miangavy mihitsy izahay, hivarotana na inona na inona. Matetika ao anatin’ny fivoriana lehibe anankiray dia hanao filazana izy ireo fa manana boky maromaro izy ireo ao aoriana ao; tsy mahazo na inona na inona avy amin’izany izahay. Rahalahy Vayle no mpanoratra. Ireo horonam-peo, dia ilay lehilahy izay misahana ny asa fandraisam-peo no hiteny aminareo, tsy mahazo vola amin’ny horonam-peo izahay. Izahay tsy. . . Tsy “ny horonam-peo” no izy; ilay izy dia ny Hafatra. Ary raha misy olona manao ao an-tsainy fa vola ilay izy, dia tsy hanao horonam-peo intsony izy. Marina izany. Nanontany ny mikasika an’izany aho, heveriko fa ny horonam-peonay dia amidy eo amin’ny, latsaky ny dimy dolara, na zavatra anankiray, telo na dimy, na zavatra tahaka an’izany. Ahoana hoe? Telo; ary efatra, ho an’ireo horonam-peo lehibe, lava.

24 Ary mpitoriteny anankiray, nanontaniako ny amin’ny anankiray amin’ireo horonam-peony, ary izany dia sivy dolara, eo amin’ny roapolo minitra na telopolo eo, ny hafatra anankiray.

25 Koa izaho dia mahita fa ny Rahalahintsika Sothmann ao aoriana ao dia tsy hanan-karena, na ny iray amin’izy ireo, amin’ireo horonam-peo izay izy ireo—izy ireo no mamoaka azy. Hitanareo, manana ny ampy fotsiny izy ireo hanohizana an’ilay izy. Tsy afaka mangataka amin’izy ireo mba hanaovany an’ireo amin’izao isika, satria tsy maintsy mividy ny horonam-peo sy ny zavatra hafa izy ireo. Ary tena lafo ny milina, eo amin’ny iray alina dolara eo no vidiny mba hanaovana an’ireny horonam-peo ireny, mba hanombohana.

26 Ankehitriny, azoko fa tsy ho ela aho. . . mbola tsy nolazaiko ilay izy. Fa misy fandrenesana horonam-peo indray.

Saiky mazàna izahay. . .ireo mpitantan-draharaha, tsy misy idirako mihitsy ny amin'izany. Izaho aza tsy. . .tsy ao amin'ny fivoriana mihitsy. Izany no sady—sady tsy manaiky no tsy mandà. Manome an'ireo tolotrany izy ireo; ireo mpitantan-draharaha no manapa-kevitra hoe iza no olona manaraka hanao ny horonam-peo, ary mandefa taratasy any aminy izy ireo. Izay ihany no mba fantatro mikasika an'izany. Izy ireo no miandraikitra an'izany, satria izaho aza tsy afaka manolotra an'ireo zazakely akory koa mainka ve fa hiandraikitra horonam-peo, noho izany, na manao batisa.

27 Koa apetrako amin'ity Hafatra ity ny fisainako, izany ilay Fisarihana Fahatelo, ary izany ihany no tsy maintsy hahatonga ahy hahatoky sy hanaja.

28 Matio 21:1 hatramin'ny 11. Niteny an'izany aho mba hahafahanareo handinika ny. . .na hitodika amin'ny Soratra.

> *Ary rehefa* ny. . .*Ary rehefa nanakaiky an'i Jerosalema izy ireo, ka tonga tao Betifaga, any an-tendrombohitra Oliva,*. . .Jesosy dia naniraka *ny roa* tamin'ireo *mpianany,*
>
> Ary *nanao taminy hoe, Mandehana ery amin'ny vohitra tandrifinareo ery, ary avy hatrany dia hahita boriky iray mifatotra ianareo, sy zana-boriky miaraka aminy: vahao izy ireo, ary ento* aty *amiko izy ireo.*
>
> *Ary raha misy olona miteny anareo, dia* ianareo *hanao hoe, Ny Tompo* no *mila azy ireo; ary avy hatrany dia halefany izy ireo.*
>
> Izany rehetra izany *dia natao, mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany, manao hoe,*
>
> *Lazao amin'ny* zanakavavin'i *Ziona, Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao, malemy fanahy,. . .mipetraka eo ambonin'ny boriky, dia zana-boriky miasa.*
>
> *Ary nandeha ny mpianatra, ka nanao arak'izay nandidian'i Jesosy azy ireo,*
>
> *Ary* izy ireo *nitondra an'ilay—ilay boriky, sy ny zana-boriky, ka nametraka ny lambany teo amin'izy ireo, ary nametraka azy teo.*
>
> *Ary tena vahoaka marobe no namelatra ny lambany teny an-dàlana;* ary *ny sasany nanapaka rantsan-kazo avy tamin'ny hazo, ka* nahahany *teny an-dàlana izany.*
>
> *Ary ny* vahoaka *izay nandeha nialoha, sy izay nanaraka, dia niantsoantso, nanao hoe, Hosana ho an'ny zanak'i Davida: Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo; Hosana any amin'ny avo indrindra.*
>
> *Ary rehefa niditra tao Jerosalema izy, dia nihetsika ny tanàna rehetra, nanao hoe, Iza moa izao?*

*Ary ny vahoaka nanao hoe, Izao no Jesosy mpaminany avy any Nazareta any Galilia.*

29 Ankehitriny raha te-haka lohahevitra anankiray avy amin'izany aho, mandritry ny telopolo minitra eo alohan'ny hanombohan'ny laharam-bavaka, dia tiako ny haka an'izao ho lohahevitra anankiray: *Inona Ilay Fanintonana Eo An-Tendrombohitra?*

30 Ankehitriny, io dia andro anankiray nandreraka, nikorontana, ary andro anankiray tsy nahazatra izany. Hitantsika eto Jesosy miakatra an'i Jerosalema, vonona hanatrika ny paska. Ary ny paska tamin'izany no namonoana ny zanak'ondry, ka ny rà dia nafafy teo ambonin'ny rakotra fanaovam-panavotana ho an'ny—ho an'ny andro fanavotana ho—ho an'ny olona. Ary tonga avy any Betifaga Izy dia nandeha nankeny an-tampon'ny Tendrombohitra Oliva, izay mifanatrika amin'ny havoana kely hafa anankiray izay niorenan'i Jerosalema. Ary raha nijery Izy, dia nahafantatra fa ity no Famangiany farany.

31 Io no fotoana izay hanolorana Azy eo an-tànan'ireo olona mpanota ka hamonoan'ireo Azy. Ho faty amin'ny fahafatesana mahatsiravina indrindra izay tsy mbola nahafatesan'ny mety maty anankiray mihitsy Izy, ary halevina. Ireo Azy no hamadika Azy, ny sasany tamin'izy ireo dia nitsangana niaraka Taminy mihitsy. Ary Izy, izay Andriamanitra, dia nahafantatra izay tao am-pon'izy ireo, ary nahafantatra hatrany am-boalohany hoe iza no hamadika Azy. Ary fantany fa io lehilahy izay niaraka Taminy io izay nipetraka teo Anilany sy nanisa ny Volany ho Azy, sy ny sisa, fantany fa io lehilahy io no hamadika Azy. Ary fantany fa hazo fijaliana Romana tsy mifaditrovana anankiray no niandry Azy tany. Fantany fa ny Ranony tao amin'ny Vatany sy ny Rà avy ao amin'ny Vatany dia hisaraka, ary ilay Rà dia hitete avy eo amin'ny Handriny, vaingana ngeza be tahaka ny hatsembohana. Fantany izay rehetra teo Anoloany. Ary nitsangana teo an-tendrombohitra Izy, nandinika an'i Jerosalema.

32 Ireo olona tamin'izany andro izany, ny. . .ilay nantsoin'izy ireo tamin'izany andro izany hoe, "ny kilasin'olona mpivavaka tsara indrindra," no nankahala Azy. Ireo fiangonana tamin'izany andro izany no nankahala Azy sy niampanga Azy, ary niampanga an'izay rehetra nihaino Azy. Ary raha nandeha izy ireo ka nanatrika ny Asam-pitoriany, dia voaroaka avy hatrany tsy ho ao amin'ilay fiombonan'ny fiangonana izy ireo. Tsy mahagaga raha hoy ny Soratra hoe, "Tonga tamin'ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy." Ireo izay natao ho tia Azy, ireo izay natao ho Azy, no Fahavalony masiaka, masiaka indrindra.

33 Ary nanangana ny Vondrony kely anankiray Izy avy amin'ny antokon'olona mahantra anankiray, mpanjono, mpamory hetra, tsy nianatra. Ny Baiboly dia nilaza fa ny

sasany tamin'izy ireo aza dia "tsy manam-pahalalana, tsy nampianarina." Ny sasany aza tsy mahay manao sonia ny anarany akory. Tsy nandeha tany amin'ny fiangonana mihitsy Izy mba hahazo ny Olony.

34 Ary tsy nifanaraka tamin'ny anankiray tamin'ireo mpitondra fiangonana mihitsy Izy. Ary, ankoatr'izany, dia nanaraka an'ilay tena ironan'ny mpaminany anankiray Izy. Nanameloka ny zavatra rehetra izay nataon'izy ireo Izy, tahaka ny nataon'ireo teo Alohany; satria izy ireo dia ampahan'ny Teny, fa Izy no Teny tao amin'ny Fahafenoany.

35 Fa tao anivon'izany rehetra izany, nandritry ny taona rehetra sy ny mpaminany rehetra izay nisy sy hisy, dia tsy maintsy hisy olona vitsivitsy izay voafidy mialoha hihaino an'io Hafatra io, ary hanaraka an'Izany izy ireo. Tsy hiraharaha ny hamaroana ireo. Tsy hiraharaha ny fitsikeran'ny tsy mpino izy ireo. Izy ireo—izy ireo dia tsy hiady hevitra amin'ireo. Nanana zavatra anankiray hatao izy ireo, izany dia ny mino sy maka ny ampahany rehetra avy amin'Izany arak'izay vitany, manakotsa an'Izany tahaka an'i Maria izay nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy.

36 Fa i Marta dia nikarakaraka ny Sakafony hariva, ary hoy Jesosy taminy hoe, "Fa, ry Marta, maro ahiana loatra ny amin'ny zavatry ny fiainana ianao, fa Maria kosa nitady ny zavatra tsara," hitanareo, ny zavatry ny Fiainana Mandrakizay.

37 Ankehitriny, hitantsika fa maro ireo olona izay nahazo...Tsy nanana literatiora tahaka ny ananantsika amin'izao andro izao izy ireo, tsy nanana televiziona izy ireo na telefona, na zavatra hafa, tamin'izany andro izany, fa karazana siosio nanodidina fa tsy maintsy ho eo Izy amin'ny paska. Fa olona maro, izay nanana fisainana ara-panahy, no nahafantatra fa Izy no ilay Zanak'ondrin'ny paska, satria Izy efa nilaza tamin'izy ireo ny zavatra izay tsy maintsy hitranga.

38 Ary avy eo, mazava ho azy, fantany fa tsy maintsy ho eo Izy, ary tia Azy izy ireo tamin'ny fomba izay nataony, niandry Azy izy ireo. Nisy olona maro be teo izay angamba nifanery, nifanosika avy teo amin'ny vavahady anankiray nankany amin'ny iray hafa, niambina tsara ny làlana tsirairay, satria fantatr'izy ireo fa amin'ny ora anankiray dia hiseho Izy. Niambina izy ireo.

39 Ny sasany dia nanontany tena hoe inona ny manjo an'ireto olona mihazakazaka isaky ny vavahady ireto. "Inona ilay fanintonana?"

40 Ary nijery tamin'*ity* làlana ity izy ireo ary nijery tamin'*itsy* làlana itsy, mba hahita. Tahaka ny hoe nitady zavatra anankiray izy ireo, teo ambanin'ny fiandrasana zavatra anankiray izay hitranga.

41 Oh, toa ho tiako ny hanova ny lahateniko mandritry ny minitra vitsy ka hilaza an'ity, hoe izany no manjo amin'izao andro izao. Ireo olona izay mitady ny Fihaviany dia eo ambanin'ny fanantenana sy fiandrasana lehibe. Afaka mahatsapa an'izany isika, ilay hery manosika. Ary nitady izy ireo, nandinika ny fihetsika tsirairay sy ny famantarana tsirairay, nampitaha an'izany tamin'ny Soratra.

42 Ary rehefa hitany ireo zavatra rehetra izay nolazaina mialoha mikasika Azy, hatrany amin'ny farany mihitsy, dia fantatr'izy ireo fa akaiky ny farany. Tian'izy ireo ny ho eo, ka dia niambina izy ireo. Ny ampahany tamin'ireo olona marobe dia nomba Azy, tao amin'ilay havitsiana. Ny sasany dia nanohitra Azy, ny ankamaroan'izy ireo, ny sivifolo isan-jato dia nanohitra Azy.

43 Ary saiky toy izany amin'izao andro izao ao amin'ireo olona marobe mpivavaka, rehefa tena tonga eo amin'ny Teny sy Kristy ilay izy, dia misy eo amin'ny iray isan-jato no hino an'Izany. Ilay ampahany hafa dia tsy hiraharaha an'Izany, tsy mampaninona izay efa vita, hataon'izy ireo ho karazana vazivazy na hanipazany tsikera Izany. Tena saiky mitovy mihitsy. Ny fotoana, ireo zavatra dia tsy miova firy, ny tantara fotsiny no miverina.

44 Eny, hitantsika fa nitarika fikorontanan-tsaina izany. Tsy maintsy izany. Tsy maintsy manao an'izany ilay izy. Niandry izy ireo, nanontany tena izy ireo hoe inona no Hataony rehefa tonga eo Izy. Tian'izy ireo ny ho eo mba hahazo ny zavatra rehetra izay Nataony. Nila an'Izany izy ireo. Nila hahita an'Izany izy ireo. Nino Azy izy ireo. Ny sasany dia nandre fa ho avy Izy, ary dia nandeha teo izy ireo mba hihomehy Azy. Noho izany taorian'ireo fanantenana nampikorontana rehetra, andro anankiray tena tsy nahazatra, fotoana anankiray tena tsy nahazatra, ireo fiangonana natory, ny sain'ny olona dia taitaitra, nisy olona betsaka tokoa teo, ary dia nitranga izany!

45 Teo an-tampon'ny Tendrombohitra Oliva dia tonga ny boriky kely, fotsy anankiray no tonga, nandeha nidina ny lohasaha, miaraka amin'ny andian'olona fanatika nikiakiaka, nanongotra ravin-drofia avy teo amin'ireo hazo, nanipy ny akanjony teny amin'ny làlana, nikiakiaka hoe, "Hosana ho an'ny Zanak'i Davida izay avy amin'ny Anaran'ny Tompo!" Ny. . .ity ramole kely ity, ilay Mpitaingina azy dia tsy hafa fa ny Mesian'Andriamanitra voahosotra ho an'ilay ora.

46 Andriamanitra, tamin'izay fotoana izay, inona no Nataony? Inona ilay fanintonana teny amin'ilay havoana? Andriamanitra manao tantara izany, ary Andriamanitra manatanteraka faminaniana. Ary izany dia miteraka fanintonana anankiray foana. Misintona an'ireo mpitsikera rehetra izany, ireo voltora (avy tamin'ny Hafatra aninkeo maraina), sy ireo voromahery

koa. Hitanareo? Miaraka tonga izy ireo mba hahita hoe inona no miseho. Ny sasany tonga noho ny fahalianan-kahalala, ny sasany tonga mba hahita fahadisoana, ny hafa tonga hitsikera. Nisy ny karazany rehetra niangona teo, tahaka ny nolazaintsika aninkeo maraina: mpino, mody mpino, ary tsy mpino. Inona ilay teny an-tendrombohitra? Faminaniana an-dàlam-pahatanterahana. Ankehitriny dia ho hitantsika izay miseho.

47 Ankehitriny, ao amin'ny Bokin'i Zakaria, ao amin'ny toko faha-9 ka ny andininy faha-9. Zakaria, anankiray amin'ireo mpaminany, dia niteny tao amin'ny Fanahy, nilaza an'izao.

> *Mifalia indrindra, O ry* zanakavavin'*i Ziona; miantsoantsoa, O ry* zanakavavin'*i Jerosalema: indro, ny Mpanjakanao avy ho anao: marina izy,. . .manam-pamonjena; malemy fanahy, sady mitaingina eo ambonin'ny boriky, eo ambonin'ny* zana-boriky, *zana-boriky miasa.*

48 Ankehitriny, inona no nanjo an'ireo mpanora-dalàna ireo? Inona no nanjo an'ireo mpisorona ireo? Inona no nanjo an'ireo olona mpivavaka ireo? Ity dia nosoratana fito amby valopolo sy efajato taona talohan'ny nitrangany, tamin'ny alàlan'ny mpaminany voamarina anankiray, ary efa natao tao anaty soratra ka nantsoina hoe ny Baiboly, ireo horonana an'ny Testamenta Taloha. Nahoana izy ireo no tsy afaka nahita fa izany no faminaniana an-dàlam-pahatanterahana? Ilay antony mitovy izay tsy hahafahan'izy ireo mahita an'ilay izy amin'izao andro izao. Noraisin'izy ireo ny Tenin'Andriamanitra ka nataony tsy misy fiantraikany teo amin'ny olona Izany, noho ny fampianarana (an'ireo fomban-drazana) ho Foto-pampianarana ny fomban-drazana avy amin'ny olona.

49 Ary raha ireo mpanora-dalàna, mpitory, mpitoriteny, olona ara-panahy (heverina ho), ireo voahosotra, no mba namaky fotsiny ny Baiboly, dia tsy nanontany tena izy ireo hoe inona no miseho, ho fantatr'izy ireo hoe inona Izany. Andriamanitra manatanteraka ny Teniny!

50 Teo an-dàlam-pisehoana ny tantara, teo an-dàlam-pahatanterahana ny faminaniana. Teo an-dàlam-pahatongavana ny famonjena an'izao tontolo izao, ilay andro lehibe izay tena nandrasan'ireo mpaminany rehetra. Ireo rehetra izay tao am-pasana dia niandry an'io andro io (oadray, hevero izany), ireo rehetra izay maty, ireo marina rehetra avy tamin'ny ràn'ireo maritiora sy ireo mpaminany.

51 Izay, vao avy Nikiakiahany hoe, "Ry Jerosalema, O ry Jerosalema, ianao izay nitora-bato ny mpaminany rehetra izay Nirahiko tany aminao, sy namono an'ireo marina, impiry moa Aho no te-hanomba anao tahaka ny reniakoho anankiray, manomba ny zanany, saingy ianao no tsy nety. Fa ankehitriny tonga ny oranao."

52 Ny zavatra rehetra izay tao am-pasana, Abrahama, Isaka, Jakoba, ireo mpaminany rehetra, dia niandry an'ity ora ity.

53 Fa ilay fiangonana dia jamba ny amin'Izany. "Iza moa izao miteraka tabataba izao? Iza moa io Lehilahy io?" Hoy izy ireo indray mandeha hoe, "Tsy ny zanak'ilay mpandrafitra eto ve izy io? Fantatsika Izy. Taiza no Nahazoany an'izany fahendrena izany? Nahoana, isika tsy nahita Azy mba nifandray tamin'ny anankiray amin'ireo sekolintsika. Isika tsy mahafantatra an'izay boky mba Nianarany. Iza Izany?"

54 Izy no valin'ny faminanian'ireo mpaminany. Indro Izy avy, mitaingina eo ambonin'ny zana-boriky miasa. Fanintonana anankiray toy ny inona! An-dàlam-panatanterahana ny Teniny nampanantenaina Andriamanitra, ilay ora izay nandrasana nandritry ny efatra arivo taona. Ao amin'ny Genesisy, ny toko faha-3 ka ny andininy faha-15, dia nanao an'ilay filazana mialoha Andriamanitra hoe, "Ny Taranaky ny vehivavy dia hanorotoro ny lohan'ny menarana, fa ny lohany kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony," izany no faminaniana ao amin'ny Baiboly izay nilazana mialoha ny amin'ny fihavian'ity Lehilahy ity.

55 Ary eto tsy ela taorian'izay dia nisy mpaminany anankiray izay nitsangana teo anivon'izy ireo, izay mpaminany anankiray voamarina, Zakaria, ary nilaza izy, hoe, "Ianareo ry zanakavavin'i Jerosalema sy ianareo zanakavavin'i Ziona, mifalia, miantsoantsoa, mikiakiaha, fa ny Mpanjakanao dia avy ho anao, mora fanahy sy malemy fanahy ary manetry tena, mitaingina eo ambonin'ny zana-boriky miasa."

56 Ary eto ireo olona izay namaky an'izany Soratra izany, isan'andro isan'andro, nijery Azy mitaingina, ka niantsoantso hoe, "Iza moa io?" Hitanareo? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny amin'ny olona izay tokony ho nahafantatra hoe inona Izany, saingy tsy fantatr'izy ireo Izany.

57 Rehefa manatanteraka ny Teniny Andriamanitra, dia miteraka fanintonana anankiray foana Izany, miteraka foana izany. Miteraka fanintonana anankiray, satria tsy mahazatra Izany. Tena tsy mahazatra, rehefa manatanteraka ny Teniny Izy amin'ireo fironana moderin'ny andro, satria ilay fironana moderin'ny andro dia tsy mino an'Izany. Manana ny fombany manokana izy ireo.

58 Ankehitriny, mahita isika, ary ndao isika hiverina amin'ny Soratra ka haka tranga hafa tsy mahazatra, mandritry ny minitra vitsy indray, rehefa nanatanteraka ny Faminaniany Andriamanitra. Rehefa milaza zavatra anankiray Andriamanitra, dia tsy maintsy Hataony izany. Ny lanitra sy ny tany rehetra dia ho levona, fa izany Teny izany dia tsy mety ho levona mihitsy. Noho izany dia miteraka fisehon-javatra matetika Izany, fisehon-javatra tsy mahazatra anankiray.

59 Mariho hoe mahatsikaiky toy ny inona ilay Tenin'Andriamanitra ho an'ny—ny olona izay natao hino Azy, kanefa dia tena tsy mahazatra Izy ka niantsoantso izy ireo hoe, "Eny, inona izany? Taiza no nahazoanareo an'izany karazan-javatra izany? Iza moa io? Inona moa io?"

Nefa, tokony hikiakiaka izy ireo hoe, "Hosana ho an'ny Mpanjaka izay avy amin'ny Anaran'ny Tompo!" Saingy nisy andiany kely anankiray fotsiny no nanao an'izany, andiany kely anankiray fotsiny.

Taorian'ny efatra arivo taonan'ny faminaniana, ny amin'ny zavatra malaza indrindra izay tsy mbola nitranga teo amin'ilay firenena, satria ny fanantenana rehetra an'ny maty dia nitoetra teo amin'Izany, ny ho avy rehetra dia nipetraka teo amin'Izany; nefa ireo olona mpivavaka, izay nilaza fa mino an'Izany, no nikiakiaka hoe, "Iza moa Izany? Ary inona io fanintonana io?" Zavatra anankiray tsy mahazatra! Saiky mitovy, tsy miova mihitsy ilay izy, ankehitriny dia tsy mahazatra.

60 Ndao isika hijery ny sasany amin'ireo zavatra tsy mahazatra, araka ny vao avy nolazaiko. Inona ilay fanintonana mialoha indrindra ny nandonan'ny fitsarana an'izao tontolo izao sy nandravana azy tamin'ny rano? Lehilahy antitra anankiray, manodidina ny roapolo amby zato taona teo, nanamboatra sambo anankiray nefa tsy nisy rano hampitsingevana azy. Tery ambony tery nandritry ny taona maro, nitsangana teo am-baravarana, nanamboatra ny anatiny, tao anatiny tao, ary nanisy dity ny anatiny sy ivelany, ka nanao hoe, "Hatelin'ny rano izao tontolo izao," ilay taona siantifika malaza.

61 "Inona izao kapokapoka eny ambonin'ny havoana eny izao?" "Nahoana, lehilahy antitra anankiray amin'ny anarana hoe Noa izany, ary ery ambony ery izy, fanatika antitra anankiray. Nijanona ela loatra teo amin'ny masoandro ilay lehilahy. Main'ny masoandro izy. Very saina izy. Ary izy no manamboatra an'ilay antsoiny hoe 'sambo fiara,' ka milaza fa ny rano dia ho tonga avy any ambony any izay tsy misy rano, ary hampitsingevana ny olona rehetra manodidina izany; ka ny olona rehetra izay tsy mandre ny hafany, sy ny olona rehetra izay tsy hiditra ao amin'io sambo fiara io, dia ho faty an-drano. Efa mba nandre zavatra tahaka an'izany ve ianao?" Fanintonana tsy nahazatra anankiray izany!

62 Heveriko fa rehefa nila fihomehezana tsara anankiray ny olona, dia niakatra ary nitsangana teo anoloan'ilay varavaran'ny sambo fiara ka nihomehy. "Nahoana, nilaza ianao zato taona lasa izay fa hanorana! Dadabe no nilaza tamiko fa nandre anao teto ambony teto nilaza fa hanorana, nefa ianao mbola mivelively manodidina an'ity tapa-kazo tranainy eto ambony eto ity ihany. Maninona ianao no tsy miverina amin'ny tenanao?"

63 Saingy Andriamanitra efa niomana ny hanamarina teny fikasana anankiray izany ka hanatanteraka faminaniana anankiray izay nataon'ny Mpamininiy. Tena tsy mahazatra! Andriamanitra manatanteraka ny Fampanantenany tamin'i Noa, raha nihomehy ny hafa. Andriamanitra dia niomana koa ny hanao ny tantara mba haneho amin'ny hafa, hatramin'izao andro izao aza, fa mihazona ny Teniny Izy! Tsy mampaninona na dia toa tsy misy aza ilay izy, sy toa tsy marina, dia mbola mihazona ny Teniny Izy. Nanao an'izany ho ohatra anankiray Izy, avy amin'io lehilahy antitra anankiray izay mikapokapoka an'ilay sambo fiara io, ho an'ireto olona eto Amerika eto ireto izao hariva izao sy eran'izao tontolo izao. Tsy mampaninona izay lazain'ny siansa, izay lazain'izy ireo, *ity*, *itsy*, na ny *hafa,* mbola mihazona ny Teniny Izy. Eo am-panaovana ny tantara Izy.

64 Inona ilay fanintonana indray andro; zavatra anankiray tsy mahazatra no nitranga tany an-efitra tany, ary izany dia kirihitra anankiray izay nirehitra. Ary mpaminany mpandositra anankiray no nitsangana tao amin'ilay an-efitra. Tsy nandre feo mihitsy izy, tsy nandre feon-javatra mihitsy izy, fa nijery izy dia nahita zavatra anankiray tsy mahazatra teo an-tampon'ilay tendrombohitra. Niezaka hanintona ny fifantohany Andriamanitra. Mitovy amin'izany amin'izao andro izao!

65 Niomana ny hanatanteraka ny Teniny Andriamanitra, tamin'ny alàlan'i Abrahama Mpamininiy, "Ny taranakao dia hivahiny efajato taona any amin'ny firenena hafa. Hitondra azy ireo hivoaka amin'ny tànana mahery Aho."

66 Dia nanomana lehilahy anankiray Izy ho an'ilay asa, tahaka ny Nanomanany sambo fiara anankiray ho toerana fiarovana ho an'izay rehetra hino. Nandrehitra an'ity kirihitra ity Andriamanitra, ary ity mpiandry ondry ity, Mosesy, dia nanao hoe, "Hanatona akaiky aho mba hijery ny dikan'ity zavatra hafahafa ity." Ary rehefa Nentiny teo amin'ilay kirihitra i Mosesy, dia niresaka taminy Izy.

67 Inona ilay fanintonana taty aoriana tao amin'ilay efitrano lehibe an'i Pilato, rehefa nanipy tehina anankiray ity mpiandry ondry ity ka nivadika ho menarana izany? Andriamanitra manatanteraka ny Fampanantenany tamin'i Mosesy. Inona ilay fanintonana teo amin'ny Ranomasina Maty, rehefa talanjona avokoa ireo soavalin'i Farao, rehefa hitan'izy ireo ny rivotra nidina avy any an-danitra ka nampisaraka ny Ranomasina Mena avy teo amin'ny ankavanana sy ankavia; ka andian'andevo anankiray mampalahelo, izay nandeha tao amin'ny baikon'Andriamanitra, no niampita an'ilay tany maina? Inona izany? Andriamanitra mihazona ny Teniny. Niala lavitra ilay fahafatesana, vahoaka velona no niampita; ary vahoaka maty ara-panahy anankiray no niezaka

naka tahaka an'izany, ka maty an-drano. Andriamanitra manatanteraka faminaniana ary manao ny tantara. Izany ilay fanintonana teo amin'ny Ranomasina Maty.

68 Inona ilay fanintonana tamin'ny andro faharoa taorian'izany, teo amin'ny Tendrombohitra Sinay, rehefa nodidiana tsy hikasika ny vadiny ny olona rehetra, rehefa nangatahana izy ireo mba hanadio ny fitafiany sy hanamasina ny tenany, ary niangona nanodidina tendrombohitra anankiray izay nisy lehilahy iray amin'ny anarana hoe Mosesy nilaza fa nihaona tamin'Andriamanitra tao anatin'ny Andry Afo anankiray izy? Ary hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe, "Hidina eo anivon'ny olona Aho. Hanamarina an'izay Nolazaiko taminao Aho, sy hoe Iza Aho. Haneho amin'izy ireo Aho fa Izaho ilay Andriamanitra." Izany ilay fanintonana, Andriamanitra manatanteraka ny Teniny.

69 Inona ilay fanintonana indray andro tao amin'ny tantara, izay nanadinoan'ny firenena anankiray an'Andriamanitra, izay nahatonga ny olona ho mpanaraka fomba sy tsy niraika, izay nanarahan'ireo mpisorona rehetra ny fironana moderina, ireo mpaminany dia naminany araka ny sitrapon'ireo mpisorona? Ary tamin'izany andro izany, araka ny mahazatra, dia nanana lehilahy anankiray izy ireo izay noheverin'izy ireo fa fanatika anankiray. Niresaka ny amin'ireo vehivavy nanao fandokoan-tarehy izy, sy ny sisa, ary izy dia karazan'olona hafahafa anankiray. Ary tonga ity namana antitra ity ka niteny tamin'ilay mpanjaka hoe, "Tsy hisy ranon'ando akory aza ho avy . . . ho tonga raha tsy izaho no miantso azy."

70 Ary hitantsika, avy eo, fa nanafina ny tenany izy ka nandositra lavitra an'izany, ary niafina tany an-efitra tany ho any izy. Ny tarika rehetra dia nihevitra fa angamba matin'ny hanoanana izy na maty; saingy tena novokisana tsara izy, ary nomena rano, ihany koa. Ary indro izy, nidina ka nanao hoe, "Hitanareo ve fa manana ny HOY NY TOMPO HOE aho? Ankehitriny, raha mbola tsy resy lahatra foana ianareo, dia ndao isika hiakatra ery an-tampon'ny tendrombohitra ka hanaporofo hoe iza no Andriamanitra," satria nanana fahitana hafa avy tamin'ny Tompo izy.

71 Hoy izy hoe, "Mifidiana ianareo a—alitara anankiray, amboary izany, ary—ary mifidiana omby ka vonoy izy ireo. Izaho hanamboatra alitara anankiray ho an'ny Tompo, ary hametraka omby ihany koa aho eo amin'ny ahy. Samy hanao fanatitra anankiray isika, ary aoka ny Andriamanitra izay Andriamanitra no hamaly." Tsy ho nanao an'izany izy raha tsy ny Tompo no niteny taminy; taty aoriana dia hoy izy hoe, "Nataoko izao noho . . . izao rehetra izao, noho ny Baikonao, Tompo."

72 Saingy inona ilay fanintonana? Nisy mpisorona efajato nitsangana teo amin'ilay havoana, ary ilay mpanjaka tany

dia tao anatin'ny kalesiny, niaraka tamin'ireo fiadiany sy ireo mpiambina izay nitsangana nanodidina. Ary ity lehilahy antitra, voloina, feno volo madinika ny tarehiny ity, sola, ka ny volony milatsaka eo amin'ny tarehiny, tapaka hoditr'ondry no mandrakotra manodidina azy, ary volo no manerana ny vatany, nitsangana teo niaraka tamin'ny tehina anankiray teny an-tànany, ary siny iray misy diloilo eny amin'ny tànana ilany; izay niteny fotsiny, telo taona sy tapany talohan'izany hoe, "Tsy hisy ranon'ando akory aza hilatsaka raha tsy izaho no miantso azy, amin'izany," naka ny toeran'Andriamanitra, miaraka amin'ny karazan-javatra toy ny hazavana boribory sy aloka, sy ireo rehetra izay nolazain'izy ireo. "Ary indro io fanatika antitra io fa nitsangana teo amin'ilay havoana, nitondra an'ireo olona rehetra ireo niakatra tany." Inona ilay fanintonana? Andriamanitra izany izay eo vonona ny hanamarina ny Mpaminaniny ho marina. Andriamanitra izany izay manatanteraka faminaniana. Andriamanitra ihany koa izay eo am-panaovana tantara, manatanteraka ny Teny.

73 An-jato taonany vitsy taorian'izany, dia nisy lehilahy anankiray voahosotr'ilay Fanahy mitovy, ary nivoaka avy tao an-efitra izy, tsy nifandray tamin'ireo rafi-pandaminana; na dia lehilahin'ny rafi-pandaminana anankiray aza ny dadany, mpisorona anankiray avy amin'ny rafitra iray. Fa nivoaka avy tao an-efitra izy, niakanjo hoditr'ondry teny aminy, ny volo nanerana ny tarehiny. Raha tokony ho fotsy, dia mainty ilay izy. Inona ilay fanintonan'ity lehilahy ity izay nanintona an'i Jerosalema rehetra sy Jodia? Ny sasany tamin'izy ireo dia nivoaka ka nanao hoe, "Misy olon-dia any. Miezaka mandetika ny olona ao anaty rano izy. Iza no mba efa nandre karazan-javatra tahaka an'izany?"

74 Ny sasany dia liana, ka nanao hoe, "Mety ho ny Mesia izany." Ny iray tamin'izy ireo dia nanao hoe, "Mety ho ny anankiray amin'ireo mpaminany izany." Tsy fantatr'izy ireo izay ho heverina. Saingy inona ilay izy? Andriamanitra izany izay manatanteraka ny Isaia 40, izay Nilazany hoe, "Indro . . ." izay Hataony amin'ny andro farany, ahoana no Hanirahany ny Mpanompony ary inona no hataony.

75 Noho izany dia hitantsika, herinandro vitsy taorian'izany, fa io lehilahy io dia nanana antoka ny amin'ny hafany, hany ka hoy izy hoe, "Misy Anankiray izay mitsangana eny anivonareo, izay izaho aza dia tsy mendrika akory ny hitondra ny Kapany. Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny Afo, tahaka ny nanaovako batisa tamin'ny rano."

76 Indray andro Lehilahy tsotra, tanora, teo amin'ny telopolo taona teo, no nidina ka natao batisa. Ary rehefa tonga ity Lehilahy ity, dia nisy karazana fanintonana teo akaikin'ilay mpaminany, hafahafa ny fihetsik'ilay mpaminany tamin'io

andro io. Tsy voasakana tsy hahadinika ny fihetsik'io mpaminany io ny fiangonana rehefa nifamaly tamin'ireo mpisorona tery am-pitan'ny renirano izy.

77 Hoy izy ireo hoe, "Andriamanitra no nanamboatra an'ity alitara ity. Andriamanitra no niteny taminay hanao an'ity. Mosesy no mpaminany. Mino an'i Mosesy izahay. Tsy ho foana mihitsy ny fanatitra."

78 Azoko renesina i Jaona namaly, nanao hoe, "Tsy novakianareo ve ao amin'ny Soratra izay nolazain'i Daniela mpaminany hoe, 'Ho foana ny fanatitra isan'andro'? Ary tonga izany ora izany! Tsy novakianareo ve izay nolazain'i Isaia ao amin'ny toko faha-40, 'Ny feon'ilay miantso mafy any an-efitra, amboary ny làlan'ny Tompo'? Misy faminaniana roa ny amiko. Ary zavatra anankiray hafa, tsy nanaiky ny mpaminanintsika ve ianareo efajato taona lasa izay, Malakia, rehefa niteny izy ao amin'ny toko faha-3 ka nanao hoe, 'Indro, Aho maniraka ny Irako eo Alohako, hanamboatra ny làlana'? Tsy fantatrareo ve fa izao no manatanteraka ny faminaniana?" Tanteraka ny faminaniana!

79 Ary saiky tamin'izany fotoana izany no nitodika ilay mpaminany ka nanao hoe, "Indro, tonga ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao!" Ankehitriny inona ilay fanintonana? Niova izany avy teo amin'ilay mpaminany nankeo amin'ilay faminaniany.

80 Ankehitriny mariho izay miseho. Indro tonga ny Lehilahy tsotra anankiray, tsy nisy nahafantatra, zanaka mpandrafitra anankiray, nandroso niditra tao anaty rano. Tamin'izay Jaona, ilay mpaminany lehibe, no nanao hoe, "Izaho no mila Hataonao batisa. Nahoana Ianao no mankaty amiko?"

81 Hoy Izy hoe, "Ekeo ihany aloha izao. Fa, amin'ny maha-mpaminany sy ny Teny, dia izao no mety amintsika mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra."

82 Noho izany dia azony fa ilay Fanatitra dia tsy maintsy voasasa alohan'ny hanolorana, ka nataony batisa Izy.

83 Ankehitriny dia nisy fanintonana hafa izay niseho rehefa niakatra avy tao anaty rano Izy. Ity mpaminany ity izay tena nahatoky mba hanambara ny taonany sy ny fotoana, dia niandrandra izy ka nahita ny lanitra nisokatra. Ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra, tahaka ny voromailala, nidina teo Amboniny, ary nisy Feo anankiray nanao hoe, "Ity no Zanako malalako Izay Sitrako." Nanamarina ny hafatry ny mpaminany anankiray Andriamanitra, izay nanintona ny fifantohana teo Jordana.

84 Rahalahy anankiray no nihira vao tsy ela akory izay, na tokony ho nihira izy hoe, "Teo amin'ny havoana lavitra

any no nitsangana ny hazo fijaliana mafy anankiray." Inona ilay fanintonana teo an-Tendrombohitra Kalvary? Rehefa hitantsika fa nanameloka Azy ireo tontolon'ny mpivavaka, ka ny governemanta Romana dia nanasazy Azy ho faty. Ary indro Izy nihantona teo anelanelan'ny mpanao ratsy anankiroa, matin'ny hetaheta, ny Rà nivoaka avy tamin'ny Vatany. Mihantona eo Izy, niantsoantso hoe, "Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no mahafoy Ahy Ianao?" Ary ireo olona mpivavaka dia nitsangana teo, nijery an'izany, tsy nahafantatra kely akory fa ilay faminanian'ny Testamenta Taloha anie no tanteraka mihitsy teo Kalvary teo tamin'io fotoana io.

85 Davida izy tenany no nanoratra, nanao. . .niditra tao amin'ny Fanahy tahaka ny mpaminany rehetra, nanao tahaka ny hoe izy izany. Niantsoantso i Davida, ao amin'ny Salamo faha-22 hoe, "Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no mahafoy Ahy Ianao? Ny Taolako rehetra dia mangarika Ahy. Manindrona ny Tànako sy ny Tongotro izy ireo." Davida, izay miteny tahaka ny hoe izy izany. Fa tsy Davida izany, Kristy tao amin'i Davida izany.

86 Ary indro ilay tena faminaniana izay nivoaka, avy tamin'ireo mpaminany samihafa, fa tanteraka teo an-Tendrombohitra Kalvary. Inona ilay fanintonana teo an-Tendrombohitra Kalvary? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny.

87 Nisy fanintonana hafa teo amin'ny tendrombohitra anankiray, izany dia tamin'ny Andro Pentekosta, rehefa tany ambony tany izy rehetra tao amin'ny fetim-pivavahana anankiray, nihevitra fa afaka tamin'ireo fanatika rehetra izy ireo. Tsy nandre ny mikasika azy ireo intsony izy ireo nandritry ny folo andro. Tampotampoka teo, tahaka ny tranon-tantely, dia nivoaka tampoka avy teo an-tampon'ilay tranobe izy ireo, nankeny an-dàlambe, fikiakiahana anankiray sy zavatra hafahafa.

88 "Inona izao? Inona no dikan'izao? Mamo daholo ve ireto lehilahy ireto?"

89 Jereo! Ary nisy mpaminany anankiray nitsangana teo anivon'izy ireo, araka ny tokony haha-mpaminany anankiray, ka nanao hoe, "Ianareo ry lehilahin'Isiraely, ary ianareo izay mitoetra any Jodia, eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko. Tsy mamo tsy akory ireo araka ny hiheveranareo azy ireo. Fa izao no nampilazain'ny Tompo tamin'ny Joela, mpaminany, 'Izao no hiseho amin'ny andro farany, handrotsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho.'" Izany ilay fanintonana.

90 Ilay vahoaka mpivavaka, rehefa avy nanombo an'ilay Andrianan'ny Fiainana, sy ny sisa, dia mbola tsy nahita

foana an'ilay teny fikasan'ny fihavian'ny Fanahy Masina. Ilay fanintonana, "Iza io? Inona no dikan'io? Inona no manjo an'ireo olona ireo?"

91 Oh, oadray! Mitovy amin'izany amin'izao andro izao. Hamela betsaka amin'ity isika mba hitondra an'izany eto amin'ity ora ity. Zavatra mitovy ny amin'izao andro izao. Zavatra mitovy no miseho. Fanontaniana mitovy no mipetraka. "Inona izany tabataba rehetra izany?" Jereo ny aloha-sy-aoriana eny amin'ny làlambe, ireo fiara avy any Michigan mankany Florida, avy any Maine mankany California. Androany maraina rehefa nitaingina fiara aho, na taorian'ny mitataovovonana mihitsy, dia nandeha teny an-dàlambe izahay, ny vadiko sy izaho dia nijery ny nomerao teo amin'ireo fiara. Teo no nieritreretako an'ity lahateny ity.

"Inona no dikan'izao?"

92 Tahaka an'izay Nolazainy mihitsy hoe, "Any amin'izay misy ny Faty, no hiangonan'ny voromahery."

93 Hoy aho tamin'ny vadiko hoe, "Malala, tadidinao ve ilay hariva farany izay tsy maintsy nanaovako veloma an'izay rehetra malalako teto an-tany, ka nandehanako tany amin'ireo saha mba hanomboka zavatra anankiray izay nolazain'Andriamanitra mba hatao? Ianao nihira an'ilay hira."

Oh, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana
  izy ireo,
Tonga avy any an-tany lavitra izy ireo,
Hifety miaraka amin'ny Mpanjakantsika,
  hisakafo toy ny Nasainy;
Voatahy toy inona ireto mpivahiny ireto!
Mandinika ny Endriny masina
Mamiratry ny fitiavan'Andriamanitra;
Mpandray anjara voatahy amin'ny
  Fahasoavany,
Hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny
  Satroboninahiny.

94 Izany ilay fanintonana. Ilay Taranak'Andriamanitra voafidy mialoha izay tsy afaka manao zavatra hafa afa-tsy ny manaraka Azy, dia midika be lavitra noho ny aina ho antsika. Esory ny ainay, fa Izany kosa aza esorina. Inona ilay fanintonana? Andriamanitra, toy ny mahazatra, manatanteraka ny Teniny. Manatanteraka ny Tenin'i Zakaria indray Izy, an'i Zakaria mpaminany.

95 Izay namakiako ny andininy faha-9 vao tsy ela teo, rehefa niditra ny Tempoliny Jesosy, nitaingina. . .na niditra an'i Jerosalema, nitaingina teo ambonin'ny boriky kely, fotsy, dia tanteraka ny faminaniana izay nolazain'i Zakaria. Izao Izany, "Mifalia indrindra, O ry zanakavavin'i Ziona. Miantsoantsoa, O ry zanakavavin'i Jerosalema.

Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao; marina Izy, ary manam-pamonjena; malemy fanahy, mitaingina eo ambonin'ny boriky anankiray, dia eo ambonin'ny zana-boriky miasa." Izany ilay fanintonana izay tao Jerosalema, tao amin'ilay foibe ara-pivavahana.

96 Ankehitriny isika dia mahita trangan'ny andro farany anankiray! Ndao isika hamadika pejy vitsivitsy, ao amin'ny Zakaria, dia hahita izay nolazainy mikasika an'izany. Ndao isika hamadika lavidavitra ny amin'ireo andro farany. Io dia ho an'ny taona antenatenany; ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny andro farany. Ary hamadika ao amin'ny Zakaria, ny toko faha-14, ka manomboka amin'ny andininy faha-4. Dia henoy! Fa hamaky ampahany ao amin'ny Soratra isika, eo amin'ny andininy sivy eo, manomboka amin'ny 4 hatramin'ny 9. Henoy tsara. Ary izany dia maminany ny Fihaviany, ny andro farany. Henoy tsara ankehitriny. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Izany no Soratra, Zakaria 14. Tadidio Zakaria 9, inona no nolazain'Izany? Ary tsy nahalala an'Izany izy ireo. Ankehitriny dia inona izany amin'izao andro izao? Zakaria 14, miresaka ny Fihaviany.

> *Ary ny tongony dia hijoro amin'izany andro izany eo an-tendrombohitra Oliva,* indray, *izay tandrifin'i Jerosalema eo atsinanana,* eo *an-tendrombohitra Oliva dia hitresaka eo afovoany* hankany *atsinanana sy* hankany *andrefana, ka hisy lohasaha lehibe;. . .ny antsasaky ny tendrombohitra dia* hifindra hankany *avaratra, ary ny antsasany . . .*hankany *atsimo.*
>
> *Dia handositra ho any amin'ny lohasahan'ny tendrombohitra ianareo; fa ny lohasahan'ny tendrombohitra dia hipaka* hatrany *Azela: hia, handositra ianareo, tahaka ny nandosiranareo* tamin'ny andron'ny *horohorontany tamin'ny andron'i Ozia* ilay *mpanjakan'i Joda:. . .*

97 Horohorontany hafa hamaky hanokatra ny tany! Raha tianareo ny hanaraka Soratra anankiray eto, dia mariho ao amin'ity andininy faha-5 ity, izany dia milaza fa ny fitresahan'ny Tendrombohitra Oliva dia noho ny horohorontany anankiray, ary ity dia voamarina tamin'ny alàlan'ny Isaia 29:6 sy Apokalypsy 16:9. Marina tokoa! Inona izany? Ilay mpaminany iray ihany izay nilaza ny amin'ny Fihaviany voalohany, no nahita ny Fihaviany Faharoa. Mariho, "Tahaka ny tamin'ny andron'ny horohorontany." Hitanareo ve hoe inona no ataon'ilay horohorontany? Hitanareo ve ilay filazana mialoha ny amin'izy ireo?

> *. . .ary ny* TOMPO *Andriamanitra*reo *dia ho avy, ary ireo masi*ny *rehetra miaraka aminao.*

*Ary izao no hiseho amin'izany andro izany,* (haleloia) *amin'izany andro izany, dia tsy hamiratra ny mazava,* na *maizina:*

*Fa hisy andro anankiray* miaraka. . .*andro anankiray izay fantatry ny* TOMPO*, tsy andro, na alina: fa izao no hiseho, fa* amin'ny *andro hariva dia hisy mazava.* (O Andriamanitra!)

98 "Hisy Mazava rehefa amin'ny andro hariva," mpaminany iray ihany. Nefa jamba ny olona! Inona ilay fanintonana? Ndao isika mbola hamaky andininy vitsivitsy ihany.

*Ary amin'izany andro izany, dia hisy* ireo *rano velona izay* hivoaka *avy ao Jerosalema; ny antsasak'izy ireo dia* hankany *amin'ny ranomasina atsinanana, ary ny antsasany*. . .hankany *amin'ny ranomasina andrefana: amin'*ny *fahavaratra sy*. . .*ririnina no hisian'izany.* (Ny Filazantsara izay ambara; amin'ny Jiosy sy Jentilisa.)

*Ary ny* TOMPO *dia ho mpanjaka manerana*. . .*ny tany: amin'izany andro izany,* dia ho *iray ny* TOMPO*, ary iray ny anarany.*

Hisy Mazava rehefa amin'ny andro hariva, (marina)
Ny làlana mankany amin'ny Voninahitra dia azo antoka fa ho hitanao;
Ao amin'ny làlan'ny rano ilay Mazava amin'izao andro izao,
Voalevina ao amin'ny Anarana sarobidin'i Jesosy.
Tanora sy antitra, mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra,
Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa hiditra ao;
Tonga ilay Hazavan'ny hariva,
Tena zava-misy fa Andriamanitra sy Kristy dia Iray.

Hitanareo ve hoe aiza no misy antsika izao?

Rava ireo firenena, mifoha i Isiraely,
Ireo famantarana izay nolazain'ireo mpaminanintsika mialoha; (ilay horohorontany any amin'ireo Jentilisa amin'ny andro farany)
Voaisa ny andron'ny Jentilisa, miaraka amin'ny tahotra manarona;
Miverena, O ry niely, amin'ny anareo.

99 Ianareo izay voaroaka, ary ireto fiara nentina teo ambonin'ny sarety vaovao, mivoaha avy ao mialohan'ny handonan'ny fahafatesana anareo. Nanamarina an'Izany Andriamanitra. Ho tanteraka Izany.

100 Ndao isika hivadika amin'ny Soratra hafa ao amin'ny Testamenta Taloha, Malakia ny toko faha-4, ka hamaky an'io toko faha-4 fohy io.

> *. . .indro, avy ny andro, mandoro tahaka ny fatana; ary ny mpirehareha rehetra, hia,. . .izay rehetra manao ratsy, dia ho* tahaka ny vodivary:. . .

101 Ankehitriny, io dia tsy. . .Malakia 3 izany, dia ny fihaviana voalohany, ankehitriny ity no fihaviana manaraka. Na dia ny Dokotera Scofield aza eto, tsy miombon-kevitra aminy tanteraka aho ao amin'ilay fanamarihany, fa nalahany mihitsy ilay izy eto. "Ny fanirahana an'i Jaona," ho an'ny Malakia 3; sy, "Ny Fihaviana faharoa an'i Kristy," ary Elia izay mialoha. Eny àry.

> . . .ny mpirehareha rehetra *dia* hodorana, *hoy ny* T*OMPO*N*'ny maro,* ka *hiala amin'izy ireo na ny fàkany na ny sampany.* (Aiza àry ilay helo "Mandrakizay" raha izany?)
>
> *Fa aminareo izay matahotra ny anarako kosa ilay Masoandron'ny fahamarinana no* hiposaka *miaraka amin'ny* asam-pitorian'ny *fanasitranana, fanasitranana eny amin'ny elany;. . .hivoaka* ianareo, *ary hifaliavanja; tahaka ny zanak'omby ao am-bala.*
>
> *Ary* ianareo *dia hanitsaka ny ratsy fanahy;. . .ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo izy amin'*izay *andro hanaovako an'izany, hoy ny* T*OMPO*N*'ny maro.*
>
> *Tsarovy. . .ny lalàn'i Mosesy mpanompoko, izay nandidiako. . .azy tao Horeba ny amin'ny Isiraely rehetra,. . .ny didy sy ny* fitsarana.

102 Ity no fihavian'i Elia.

> *Indro, izaho haniraka* ho *aminareo an'i Elia mpaminany. . .*

103 Ilay Soratra manakatona farany ny Testamenta Taloha!

> *. . .Izaho haniraka* ho *aminareo an'i Elia mpaminany alohan'ny hahatongavan'*ilay *andro lehibe sady mahatahotra an'ny* T*OMPO*:

104 Ankehitriny, tsy ho i Jaona io. Tsia. Hitanareo, tsy mbola nodorana izao tontolo izao ary tsy mbola nanitsaka ny ratsy fanahy ny marina. Hitanareo? Tsia, tsia.

> . . .alohan'*ny andro lehibe sady mahatahotra an'ny* T*OMPO:*
>
> *Ary izy hamerina ny* fon'*ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny* fon'*ny zanaka ho amin'*ny *ray, fandrao ho avy aho ka hamely ny tany amin'ny fandringanana.*

105 Mariho ilay fahamarinan'ny Fanahy Masina, fa Izy dia tsy hampifangaro an'ireo fihaviana anankiroa an'i Elia ireo.

Malakia 3, manao hoe, "Indro, Izaho maniraka ny Irako eo Alohako." Jesosy dia nanontaniana mikasika an'i Jaona; hoy Izy hoe, "Raha afaka mandray azy ianareo, dia izany ilay nolazain'ny mpaminany hoe, 'Izaho haniraka ny Irako eo Alohako.' Io ilay Elia izay tsy maintsy ho tonga." Malakia 3.

106 Mariho fa tena manome marina an'izany ny Soratra. Diniho hoe inona io...mba hanehoana ny...an'ireo izay te-hino, ireo izay te-hahita. Tadidinareo ve, fa nijanona teo afovoan'ny Soratra Jesosy, satria ny ampahan'izany no tanteraka tamin'izany fotoana izany, ny sisa dia ho an'ny Fihaviany faharoa? "Mba hitoriana ny taona fankasitrahan'ny Tompo, hanasitrana an'ireo torotoro fo," dia nijanona; tsy hoe "hitondra fitsarana ho an'ny Jentilisa" mialohan'ny Fihaviany faharoa.

107 Mariho fa io Soratra eto io dia mirazotra amin'izany. "Ary izy, Elia, hamerina ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka." (Ankehitriny miresaka ny amin'ny Malakia 4, aza afangaro ilay izy, na Malakia 3.) Jaona, Elia, izay tonga tamin'ny andro nialohan'ny fihaviana voalohany an'i Kristy, no namerina ny fon'ireo ray patriarka fahiny ho amin'ilay hafatry ny zanaka, ilay hafatra vaovao.

108 Ankehitriny diniho. "Ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny ray." Amin'ny fihaviany faharoa, amin'ny andro farany, no mamerina ho amin'ny Finoana apostolika indray izy. Hitanareo ve hoe tanteraka toy ny ahoana no ilaharan'ny Soratra?

109 Izany no fiafaran'ny Testamenta Taloha, ny Testamenta Taloha. Ankehitriny dia mahita isika fa misy Mazava amin'ny andro hariva. Inona Izany? Izany no tampony, Tendrombohitra Tampon-kazo.

110 Tahaka ny nolazaiko aninkeo maraina, isika dia nandalo tamin'ireo anaram-piangonana, nandalo (tsy hazo voasary) tahaka ny noteneniko aninkeo maraina, fa isika dia nanana pampelimosy, voasary makirana, ireo karazan-javatra rehetra izay tsy tahaka ny tany am-piandohana mihitsy. Saingy avy eo...Aza diso an'Ity. Tonga izy Ity. Taorian'ny nilalaovan'ireo anaram-piangonana rehetra, tsy nanana Mazava mihitsy izy ireo hatrany am-boalohany, dia hisy andro anankiray izay tsy antsoina hoe andro na alina.

111 Inona no ataon'izy ireo? Inona no ataon'izy ireo? Inona no ataon'ny—ny voasary makirana anankiray eo amin'ny hazo voasary anankiray? Maka an'ilay aina tany am-piandohana an'ilay voasary izy izay miakatra ka manimba an'izany amin'ny alàlan'ny voasary makirana anankiray. Izany no nataon'ireo anaram-piangonana tamin'ilay Tenin'Andriamanitra, nanao an'ilay Tenin'Andriamanitra tsy hanan-kery tamin'ny alàlan'ireo fomba fanaony. Izany no HOY NY FANAHIN'NY TOMPO HOE. Namoaka voasary makirana izy ireo, pampelimosy, fa tsy voasary.

112 Fa inona no nolazain'ilay mpaminany? Ilay iray ihany izay nilaza ho an'ny lahatenintsika izao hariva izao, "Mifalia, O ry zanakavavin'i Jerosalema, miantsoantsoa mafy, ry zanakavavin'i Ziona, fa indro ny Mpanjakanao avy ho anao, mora fanahy sy malemy fanahy, mitaingina eo ambonin'ny zana-boriky miasa," mariho fa io mpaminany io ihany no nilaza hoe, "Ho avy ny fotoam-pamasahana anankiray." Ny masoandro dia nirahina eto an-tany mba hanamasaka an'ilay voankazo. Nahoana izy no tsy nety masaka? Tsy nisy voankazo hamasahana teo. Saingy ilay Aina kosa dia mbola nandeha tao.

113 Niakatra nandalo ny pampelimosy izany, mba ho lasa voasary anankiray, dia hita fa lasa nanao rafitra; pampelimosy anankiray ilay izy. Nandeha indray izany, namoaka voasary makirana anankiray tamin'io fotoana io. Nandeha indray, dia nivadika ho zavatra hafa. Ary tamin'ny farany, teo an-tampon'ilay hazo, dia nivadika ho voasary ala, izay ny tapany voasary, ny tapany voasary makirana; karazan-javatra nafangaro, zavatra simba anankiray; tonga teo amin'ny fanimbana anankiray, izay nivelona teo amin'ilay hazo iray ihany; ilay akofa, "dia saiky hamitaka ny Voafidy." Mitovy amin'ny voasary anankiray, nefa tsy izy.

114 "Fa hisy Mazava," rehefa mitombo nihoatra ny rafi-pandaminana izy. Rehefa tafahoatra ny rafi-pandaminana izy, dia hamony indray, hamoaka voasary izy tahaka azy fony izy nankao amin'ny tany, ary amin'izay fotoana izay dia hisy Mazava.

115 Inona io fanintonana io; inona io mitranga io? Fahatanterahan'ny Tenin'Andriamanitra. Misy filazana anankiroa an'ny Testamenta Taloha eo, fa hitranga io.

116 Ndao isika haka ny Jaona 14:12, an'ny Testamenta Vaovao, hoy Jesosy.

> . . .*Izay mino ahy, ny asa izay ataoko no hataony koa;*. . .

117 Ary koa, ao amin'ny Lioka 17:22 ka hatramin'ny 30, hoy Izy.

> Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, talohan'i Sodoma, nodorana, dia ho toy izany koa amin'ny fiverenan'ny Zanak'olona, ilay *andro izay* hahatonga *ny Zanak'olona ho voaseho*.

118 Oh, jereo fotsiny ny Soratra! "Ny Zanak'olona," Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, nitombo nihoatra an'ireo anaram-piangonana, nitombo hatrany amin'ny tampon'ilay Hazo. Inona no Nolazainy ao amin'ny Jaona 14, na 15? "Ny sampana rehetra izay ao Amiko, izay tsy mamoaka voankazo, dia ho tapahina izany ka hendahina, hatsipy ao amin'ny afo ary hodorana. Fa ny sampana rehetra izay mamoaka voankazo kosa, dia ho diovina izany."

119 Oh, hisy ny tena loha-orana sy fara-orana amin'ny andro farany eo amin'ilay andiany kely izay tonga miaraka Aminy teo ambonin'ity apondra kely ity, malemy fanahy sy manetry tena, tsy misy ana-. . .na anaram-piangonana, niantsoantso hoe, "Hosana ho an'ilay Mpanjaka izay avy amin'ny Anaran'ny Tompo!" Inona ilay olana amin'izao andro izao? Inona ilay fanintonana teo an-tendrombohitra?

120 Vao tsy ela akory izay, nitsangana teto amin'ity polipitra ity aho, izao no nolazain'ny Fanahy Masina, "Ho avy ny andro izay handentehan'izy ireo tsato-kazo anankiray eo anoloan'ny tranonao; hesorin'izy ireo ny vavahadinao. Koa, izany, mba hialanao amin'izany, dia aza tezitra." Nahita ny vavahadiko voaongotra aho ary nipetraka teo an-joron'ny havoana. Nahita ny havoana teo anoloako aho, voahady daholo, ireo hazo fisaka sy ny sisa nipetraka teo amin'izay nisy zavatra namotipotika azy. Hoy Izy . . .

Nijery aho, ary nisy Ricky kely anankiray izay niakatra teo ka nanongotra an'ilay vavahady, nanao an'io. Hoy aho hoe, "Nahoana ianao no tsy niteny tamiko?" Tsy nanaja ahy izy, ka tsy maintsy nikapoka azy aho. Ary rehefa izany, dia hoy aho hoe, "Tsy nanao an'izao aho raha tsy tamin'ny izaho teny amin'ny kianja, saingy tiako ho fantatrao fotsiny," dia nopotehiko izy. Ary rehefa nalavoko izy, dia natsangako indray izy ary nalavoko indray izy. Natsangako izy, in-telo na in-efatra, dia nodakako hatreny amin'ilay havoana. Ary avy eo dia nandeha teo aho, ka hoy aho hoe, "Tsy tsara izao." Ary natsangako izy ka noraisiko ny tànany, hoy aho hoe, "Tsy tezitra aminao aho, fa tiako ho fantatrao fotsiny fa tsy mahazo miresaka amiko tahaka an'izany ianao."

Ary avy eo rehefa nitodika aho ka niverina, dia nijoro teo amin'ilay vavahady ny Fanahy Masina, nanao hoe, "Ankehitriny ialao io. Rehefa voalentika ilay tsato-kazo, dia miverena miankandrefana."

> Ity Boky ity, no zava-drehetra izay ilaiko,
> Ity Boky ity no Fanaovan-tsakafo tsara iray,
> Làlana izay manoro ahy hialana amin'ny olako.
> Amena!

121 Ary izany Boky izany dia ny Teny, ary izany Teny izany dia Andriamanitra. Mba hialanareo amin'ny olanareo, dia Ity no hiteny aminareo izay hatao.

122 Telo taona lasa izay dia nandre ny namako anankiray aho, ilay mpandrefy tanàna, izay mipetraka eo amin'ilay làlana kely eo akaikiko, nandentika tsato-kazo anankiray. Nivoaka teo aho ary nanao hoe, "Inona ny olana, Mud?" Zanak'Atoa. King, namako manokana.

Hoy izy, "Billy, hanitatra an'ity làlana ity izy ireo."

123 Ianareo rehetra dia mahatadidy. Hoy aho hoe, "Mety ho ilay tetezana izany." Niteny tamin'ny Rahalahy Woods aho, hoy aho hoe, "Tazony ny taninao. Angamba handalo eto ambony eto izany tetezana izany, zavatra anankiray." Nopotehina ilay làlana kely; biriky, vato, natsipy nanerana ny rehetra. Ka dia hoy izy. . . Hoy aho hoe, "Tazony ny taninao." Tamin'izay fotoana izay rehefa izaho . . .

Atoa. King no niteny tamiko fa izany no hitranga.

124 Niditra aho, niteny tamin'ny vadiko izay nipetraka teo hoe, "Malala, misy zavatra anankiray voasoratra mikasika an'izany. Izany no HOY NY TOMPO HOE, any ho any."

125 Niditra aho ary naka ny bokiko, nijery ny tao anatiny, ary izao no nolazainy, "Izao no hiseho . . ." Valo taona taty aoriana!

126 Noho izany rehefa nojereko ilay izy, dia hoy aho hoe, "Izao no fotoana, malala, tsy maintsy miverina any andrefana isika."

127 Roa andro taorian'izany, nitsangana tao an'efitra aho teo amin'ny folo maraina teo, niditra tao amin'ny Fanahin'Andriamanitra aho. Nahita an'ilay vondrona kelin'ireo voromailala nanidina aho, nijery an'ireo vorona kely ireo. Tadidinareo izany. Nahita Anjely fito aho tao amin'ny endrika piramida, tonga haingana be teo amiko. Nanao hoe, "Miverena miankandrefana, mandehana any Tucson, ho any amin'ny efapolo maily avaratra atsinanana. Ary hanongotra tsipolitra anankiray ianao," na manara-poana anankiray, izany no iantsoan'izy ireo azy, "avy eo amin'ny akanjonao."

128 Rahalahy Fred Sothmann, izay nipetraka ery mijery ahy tsara ankehitriny, dia tany tamin'io maraina io. Adinoko ny mikasika an'ilay izy.

129 Hoy aho hoe, "Nivoaka ny fipoahan-javatra anankiray tahaka ny horohorontany, izay saiky namely ny zavatra rehetra izay tao amin'ilay faritra. Tsy hitako hoe ahoana no mety mbola hahavelona olona iray amin'izany." Nangovitra aho. Nitsangana tao Phoenix aho, ianareo rehetra izay mihaino ahy izao hariva izao no vavolombeloko. Nitory an'ilay toriteny aho hoe, *Tompoko, Amin'ny Firy Izao*? "Aiza no misy antsika izao?" Nandeha tany Andrefana aho. Maro aminareo eto no manana an'ilay horonam-peo, maro aminareo eto no nandre ny nilazana an'ilay izy, taona iray na mihoatra nialohan'ny nitrangan'ilay izy.

130 Nandeha tany Andrefana aho, nanontany tena hoe inona no hitranga. Indray andro dia naharay antso avy tamin'ny Tompo aho. Niteny tamin'ny vadiko aho, hoy aho hoe, "Malala, izaho dia . . . angamba tapitra ny asako." Tsy nahafantatra aho. Hoy aho hoe, "Izaho . . . Andriamanitra, Andriamanitra angamba mety tsy mila ahy intsony ka handeha hody any

an-Trano aho. Mandehana mankany amin'i Billy, ento ny ankizy. Hanao làlana ho anareo Andriamanitra, na ahoana na ahoana. Mandehana ka miainà mahatoky amin'Andriamanitra. Jereo izay hahavitan'ny ankizy ny fianarany, tezao amin'ny fampitandreman'Andriamanitra izy ireo."

Hoy izy hoe, "Bill, ianao tsy—ianao tsy mahafantatra akory raha marina izany."

Hoy aho hoe, "Tsia. Saingy tsy hisy olona afaka ho velona amin'izany."

131 Indray maraina dia namoha ahy ny Tompo, nanao hoe, "Miakara any amin'ny Sabino Canyon." Nalaiko ny sombin-taratasy anankiray sy ny Baiboliko.

Hoy ny vadiko hoe, "Ho aiza ianao?"

Hoy aho hoe, "Tsy fantatro. Ho lazaiko aminao rehefa miverina aho."

132 Niakatra tany amin'ilay lohasaha aho, nihanika avo tany amin'izay nanidinan'ireo voromahery. Nandinika diera maromaro nitsangana teo aho. Nandohalika aho mba hivavaka, ary nanangana ny tànako, ka Sabatra anankiray no nandona ny tànako. Nijery manodidina aho. Nieritreritra aho hoe, "Inona izany? Tsy hoe tsy mahatsiaro tena aho. Indro ity Sabatra ity eto an-tànako; manjelatra, mamiratra, manelatselatra amin'ny masoandro." Hoy aho hoe, "Ankehitriny, tsy misy olona eny amin'ny maily maro avy eto amiko, ety ambony be ety ato amin'ity lohasaha ity. Mety ho avy taiza ity?"

Nandre Feo anankiray aho, nanao hoe, "Ity no Sabatry ny Mpanjaka."

Hoy aho hoe, "Ny mpanjaka no manome laharam-boninahitra an'ny lehilahy iray miaraka amin'ny sabatra anankiray."

133 Izy, ilay Feo, dia niverina indray, nanao hoe, "Tsy sabatry ny mpanjaka anankiray, fa, 'Ny Sabatry ny Mpanjaka,' ny Tenin'ny Tompo." Hoy Izy, "Aza matahotra. Ny Sintona Fahatelo fotsiny izany. Izany no fanamarinana ny asam-panompoanao."

134 Nandeha nihaza niaraka tamin'ny sakaiza anankiray aho, tsy nahafantatra hoe inona no hitranga.

Ary nisy olona niantso ahy, ilay anankiray izay nitsikera ahy mikasika an'ilay sarin'ny Anjelin'ny Tompo, ilay anankiray izay naka azy. Tsy maintsy nandeha tany Houston aho mikasika ny zanany lahy, satria lasa tany amin'ny toeran'ny voaheloka ho faty izy ary tsy maintsy ho vonoina ao anatin'ny andro vitsy. Ary nihaona tamiko izy tany ka nametraka ny sandriny nanodidina ahy, nanao hoe, "Eritrereto anie, ilay olona tena

notsikeraiko mihitsy no tonga hamonjy ny zanako lahitokana!" Ny fikambanana mpanao soa dia nanome ahy an'ilay antsoin'izy ireo hoe mari-pankasitrahana ambony, na inona koa no tianareo hiantsoana azy, noho ny famonjena aina iray.

135 Avy eo dia niverina izahay, niakatra ny tendrombohitra mba hihaza aho. Tany, Rahalahy Fred sy izaho, indray maraina rehefa nivoaka aho, ary izaho—izaho dia efa nahazo ny kisoa-diako, ary nijery aho ka nahita ny toerana izay nalehan'izy ireo. Hoy aho hoe, "Rahalahy Fred, mandehana mankeny amin'itsy tendrombohitra itsy vao maraim-be ankehitriny, eo amin'ny vao mangiran-dratsy, ary izaho handeha ery amin'ny anankiray hafa. Tsy hitifitra lambo aho, tsy hamono azy aho. Fa raha handeha amin'ity làlana ity kosa izy ireo, io andiany io, dia hitifitra eo anoloan'izy ireo aho amin'izay fotoana izay mba hampiverina azy ireo."

136 Nandeha tany Rahalahy Fred ary tsy nisy lambo tany. Nikopakopaka ahy izy ary hitako. Nidina tao amin'ny lohasaha iray aho, karazana hantsana lehibe, vao niakatra mihitsy ny masoandro. Nandeha nankeny amin'ny ilan'ilay havoana aho, tsy nieritreritra na inona na inona mikasika an'ireo faminaniana mihitsy. Nipetraka aho, niandry, niala sasatra; nieritreritra aho hoe, "Inona no nahazo an'ireo lambo?"

137 Nongotako ny . . . Nipetraka tahaka ny ataon'ireo Indiana aho, fantatrareo, ranjo mivalona. Nojereko teo amin'ny ranjon'ny patalohako, ka nisy manara-poana anankiray. Nongotako ilay izy. Ary hoy aho hoe, "Hafahafa ity! Eto aho izao, eo amin'ny efapolo maily avaratra atsinanan'i Tucson. Any ny zanako lahy kely Joseph mipetraka any miandry ahy." Ary raha nanomboka nijery aho, dia nahita andiana lambo nivoaka tany amin'ny arivo yard miala eo amiko, teny ambonin'ny tendrombohitra iray, natsipiko ilay manara-poana. Hoy aho hoe, "Ho azoko izy ireny. Handeha haka an-dRahalahy Fred aho, ary hahantoko ny sombin-taratasy anankiray mba hahafantarana hoe iza no làlana haleha, eto ambonin'ity ocotillo [Karazan-kazo maniry any an-tany efitra—Mpand.] ity, dia haka an-dRahalahy Fred isika."

138 Ary nanomboka niakatra an'ilay tendrombohitra aho, nihazakazaka mafy arak'izay vitako teo amin'ilay ilany hafa. Tampotampoka teo, dia nihevitra aho fa nisy olona nitifitra ahy. Tsy mbola nandre fipoahana tahaka an'izany mihitsy aho; nanozongozona ny faritra manontolo ilay izy. Ary, rehefa vita izany, dia Anjely fito tao anaty vondrona anankiray no nitsangana teo anoloako.

139 Nihaona tamin'ny Rahalahy Fred sy izy ireo aho, taty aoriana kely. Hoy izy, "Inona ilay teo?"

Hoy aho hoe, "Izay ilay izy."

"Inona no hataonao?"

140 "Hiverina hody. Satria, HOY NY TOMPO HOE, ireo zava-miafina fito izay nafenina ao amin'ny Baiboly nandritr'ireo taona maro ireo, ireo anaram-piangonana sy ny sisa, Andriamanitra dia hanokatra amintsika an'ireo zava-miafina fito ireo ao anatin'ny Tombokase Fito."

141 Nisy an'ilay faribolana izay niakatra niala tamin'ny tany, tahaka ny zavona miforona. Rehefa vita Izany, dia niakatra avo teo an-tendrombohitra Izany, nanomboka nihodinkodina niankandrefana, avy tany amin'ny Nihaviany. Ny siansa no nahita Azy afaka kelikely, telopolo maily ny hahavony ary dimy amby roapolo maily ny sakany, tena tao amin'ilay faribolan'ny piramida tanteraka mihitsy.

142 Ary indray andro, nitsangana teo aho, nanodina an'ilay sary nankany amin'ny ankavanana, ary teo Jesosy tahaka Azy tao amin'ny Taona Fiton'ny Fiangonana, manao an'ilay solovolo fotsy, maneho ny maha-Andriamanitra Faratampony. Izy no Alfa sy Omega; Izy no Voalohany sy Farany; Izy no Mpitsara Faratampon'ny Mandrakizay rehetra, nitsangana teo mba hanamarina ny Hafatr'ity ora ity. Fa hisy Mazava amin'ny andro hariva! Momba ny inona daholo izany? Inona ilay izy?

143 Nandeha niankandrefana aho. Teo ambonin'io tendrombohitra iray io ihany, nandalo teo niaraka tamin'i Banks Woods tany, hoy izy, "Mitoraha vato anankiray. Lazao amin'Atoa. Woods, 'HOY NY TOMPO HOE, ho hitanao ny Voninahitr'Andriamanitra.'"

144 Ny ampitson'io ihany, nitsangana teo aho, dia nisy tadio anankiray nidina ary nanapoaka an'ireo tendrombohitra. Nanapatapaka ny tendron'ireo hazo ny vato, teo amin'ny telo na efatra dian-tongotra teo ambonin'ny lohako. Nanao fipoahana lehibe anankitelo, ka lasa nandositra ireo rahalahy. Nisy teo amin'ny lehilahy dimy ambin'ny folo no nitsangana teo, mpitory teny sy ny sisa hafa. "Inona ilay izy?" Hoy izy hoe, "Inona ilay izy?"

Hoy aho hoe, "Mamely ny Morontsiraka Andrefana ny Fitsarana."

145 Teo amin'ny roa andro taorian'izany, dia saiky nandentika an'i Alaska ny horohorontany. Inona io Hazavana teo an-Tendrombohitra Sunset tao amin'ny Coronado Forest an'i Arizona io? Inona io zavatra hafahafa izay nitranga tany io, ka lasa nankany atsinanana ny olona avy any andrefana, nitsimpona an'ireo vato izay nipetraka nanodidina teo amin'izay nidonan'Izany? Ary ny tsirairay tamin'izy ireo, ny tsirairay tamin'ilay vato, dia nanana rirany anankitelo teo aminy, izay nanongotra Azy. (Iray ihany izy Telo.) Mipetraka eo ambonin'ny birao izy ireo, eo amin'ny fametrahan-taratasy, manerana ny firenena. Inona io zavatra hafahafa teo an-Tendrombohitra Sunset tao amin'ny Coronado Forest io?

146 Junior Jackson izay mihaino, tadidinareo ve ilay nofy izay azony ka nadikako, “mandeha mankany amin’ny filentehan’ny masoandro”? Ary nitranga teo amin’ny Tendrombohitra “Sunset” izany. Andro hariva izany, andro filentehan’ny masoandro. Ny Hafatry ny filentehan’ny masoandro amin’ny alàlan’ny fisehon’ny tantara, fisehon’ny faminaniana, raha ny marina, izay tanteraka. Fa hisy Mazava amin’ny andro hariva, eo ambonin’ny Tendrombohitra Sunset ao amin’ny Coronado Forest, efapolo maily avaratr’i Tucson. Alaivo ny sarintany dia jereo raha ao i Sunset Peak. Tao tanteraka mihitsy izany no nitranga. Tsy fantatro mihitsy ilay izy raha tsy tamin’ilay indray andro.

147 Ny zavatra rehetra izay. . .Tsy ho faty mihitsy izany. Manodina ny Tenany tsy mitsahatra Izany. Nanomboka tamin’ny tena nitrangan’ilay zavatra mihitsy, ka hatrany amin’ilay sary izay misy an’i Jesosy mitsangana mijery antsika; ary ankehitriny tena eo an-Tendrombohitra Sunset mihitsy, sy ilay Hazavan’ny filentehan’ny masoandro. Tonga ilay Hazavan’ny hariva, Andriamanitra manamarina ny Tenany. Inona izany? Izany no porofo fa Andriamanitra sy Kristy dia iray. Ilay “fotsy,” firy no nahita azy, ilay solovolo fotsy teo Aminy, araka ny noresahantsika tao amin’ny Apokalypsy 1? Hitanareo, ilay maha-Andriamanitra Faratampony, Fahefana Faratampony; tsy misy feo hafa, tsy misy andriamanitra hafa, tsy misy na inona na inona hafa! “Ao Aminy no mitoetra ny fahafenoan’ny vatan’ny maha-Andriamanitra.” Ireo Anjely Izy tenany no Solovolony. Amena.

148 Inona no nitranga teo an-Tendrombohitra Sunset? Andriamanitra nanamarina ny Teniny. Izany ny momba an’io tabataba rehetra io. Mariho, izany no Andriamanitra manatanteraka ny Teniny nampanantenaina indray, an’ny Apokalypsy 10:1 hatramin’ny 7, “Fa amin’ny andro hitsofana ny Hafatry ny anjely fahafito, dia hifarana ny zava-miafin’Andriamanitra.” Ilay zava-miafina nafenina an’ny Apokalypsy 10:1 hatramin’ny 7, ilay Hafatra farany ho an’ilay taonan’ny fiangonana farany. Manatanteraka marina, ao amin’izao taona izao, Masindahy Lioka 17:30, “Amin’ny andro izay hisehoan’ny Zanak’olona.”

149 “Ary hisy mpaminany sandoka sy Kristy sandoka hitsangana, haneho famantarana lehibe sy fahagagana, hany ka hamitaka ny Voafidy izany raha azo atao.” Mbola ao anaty fisalasalana foana ny olona. Ary, toy ny mahazatra, dia toy ny sahiran-tsaina mihitsy ny fiangonana.

150 Ary ny siansa, manerana an’i Tucson rehetra aza, dia mbola manoratra tantara foana ka mametraka an’izany ao anaty gazety. Tany lavitra tany teo an-Tendrombohitra Lemmon, dia tsy nahita Azy niakatra avy teo amin’izay

nijoroanay ny fakan-tsary lehibe an'izy ireo; nifindra moramora nankany Andrefana, naneho fa tapitra ny andro. Tsy afaka nandeha afa-tsy halavirana kely fotsiny izany tany; tany amin'ny Morontsika Andrefana izany. Namely mihitsy tany amin'ilay tena làlana izay nandehanany ny Fitsarana. Niakatra avy hatrany tao Phoenix ary nanohy niampita, hatrany Prescott ary niampita ny tendrombohitra hatrany amin'ny Morontsiraka Andrefana, nanohy avy hatrany...Nankaiza izy ireo? Niditra avy hatrany tao Alaska, ka nikotrokotroka izy, nanitsy avy hatrany tany amin'izany làlana izany.

151 Ary ireo trano fandinihana sy izy rehetra tao Tucson dia mbola manontany foana, ny fikarohan'ny siansa miezaka ny hahita hoe inona ilay izy. Avo loatra hany ka tsy mety hisy entona, zavona, na inona na inona eny ambony eny. "Inona no nanao an'ilay izy? Aiza ilay izy?" Tena sahiran-tsaina izy ireo ny amin'io Hazavana boribory izay mihantona eny amin'ny lanitra io tahaka ny naha-izy azy ireo rehefa tonga ireo Magy nanaraka Kintana anankiray, nanao hoe, "Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy?" Inona ilay izy? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny, "Ary hisy kintana iray hitsangana avy ao amin'i Jakoba."

152 Ary ilay Andriamanitry ny Lanitra no nampanantena fa ilay andro hariva no hanana ny Hazavan'ny hariva. Telo taona lasa izay dia faminaniana iray io zava-miafina io, "Amin'ny firy izao, Tompoko?" Fa ankehitriny kosa dia tantara izany. Efa lasa izany. Tanteraka ilay teny fikasana. Amin'ny firy izao, tompoko, ary inona io fanintonana io? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny! Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

Ndao isika hivavaka.

153 Andriamanitra Malala, nitazona ny olona ela aho, ela loatra noho izay nampoiziko. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba hisy zavatra izay voalaza sy vita izay hitarika ny olona n'aiza na aiza mba hahazo. Ary amin'ny alàlan'ny fahitana sy ny fahazoana dia aoka izy ireo hino fa Ianao no Kristy marina, ary ireo Teny izay nohamarinina dia fanamarinana ny Teniny ho marina sy tanteraka amin'ny Vanim-potoany.

154 Ankehitriny, Tompo Jesosy, avy amin'ny Teninao Manokana, Ianao no nilaza fa izao tontolo izao dia ao amin'ny toeran'i Sodoma. Fantatray izany, afaka mijery an'izany izahay. Ary Ianao no nilaza, fa amin'izany andro izany, "Tahaka an'izay tao Sodoma." Nisy iraka anankitelo nirahina ho any amin'izao tontolo izao Jentilisa sy Jiosy. Fa ny iray tamin'izy ireo, dia Andriamanitra Tenany, ilay Zanak'olona, nanambara ny Tenany tao amin'ny endrika olombelona ka nanao fahagagana, hany ka niteny tamin'i Abrahama an'izay nataon'i Saraha tao Aoriany tao anaty trano-lay.

155 Ianao no nilaza fa hiverina indray izany rehefa hiditra ao amin'ny toeran'i Sodoma izao tontolo izao Jentilisa rehetra. Ary eo izahay, Tompo. Faminaniana hafa izay manamarina an'ilay zavatra iray ihany, ny fanirahana an'i Elia amin'ny andro farany, ilay Fanahin'i Elia eto ambonin'ny tany, mba hitondra ny fon'ny ray, na, "ny zanaka hiverina amin'ny ray." Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho amin'izao ora izao no Hanamarinanao ny Teninao, hoe Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ekeo izany, Ray. Anao izy rehetra. Mivavaka aho mba Hanekenao an'ireo fitahiana ka hanamarina izay voalaza, ho an'ny Voninahitr'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

156 Ny miteny teny anankiray, dia ny olona; ny manamarina teny anankiray, dia Andriamanitra. Ny milaza zavatra anankiray, dia zavatra iray; Andriamanitra izay manao azy, dia zavatra hafa anankiray. Tsy mila mpandika teny Andriamanitra; Izy no manao ny Fandikan-teniny Manokana.

157 Ankehitriny dia eo am-panaovana laharam-bavaka anankiray isika, mba hivavahana ho an'ny marary, raha sitrapon'Andriamanitra. Ary fantatsika fa tsy misy olona, tsy misy lehilahy, tsy misy vehivavy, tsy misy olombelona, tsy misy anjely, izay afaka hanasitrana anareo, fa Andriamanitra no efa nanao an'izany. Nanao ny fanomanana Izy, ny zavatra tokana izay tsy maintsy ataonareo fotsiny dia ny mandray an'izany.

158 Tsy misy olona, tsy misy anjely, tsy misy na inona na inona, tsy Andriamanitra Tenany akory aza, afaka mamela anareo noho ny fahotanareo. Efa vita izany. Jesosy no nanao an'izany teo amin'ny Hazo fijaliana. Fa tsy hanambina anareo mihitsy izany, na inona na inona, na hahazoanareo na inona na inona, raha tsy manaiky an'izany ianareo. Hitanareo?

159 Ny zavatra tokana azo hatao, dia ny baiko izay nomen'Andriamanitra, ho an'ny mpino dia ny mametra-tànana amin'ilay marary. Izany no nataon'izy ireo nandritr'ireo taona, nandritr'ireo fifohazana. Ary izany no nantsoin'izy ireo hoe, "Andriamanitra."

160 Nahita famantarana maro i Abrahama. Saingy tonga ny fotoana anankiray izay nahitan'i Abrahama ny famantarany farany, nialoha indrindra ny nandorana an'i Sodoma, ary izany no Andriamanitra naneho ny Tenany tao amin'ny endrika lehilahy anankiray. Mino an'izany ve ianareo? Nilaza ve Jesosy fa hiverina indray izany?

161 Ankehitriny, firy eto. . .Ary ao amin'ny radio, na ao amin'ny telefona manerana ny firenena, raha mbola mihaino foana ianareo, aoka ho vonona ankehitriny ho an'ny vavaka, mivavaha, ary ianareo izay manana an'ireto mosara eto ireto. Ankehitriny, tsy afaka miteny amin'Andriamanitra an'izay hatao aho. Tsia, ho lavitra ahy anie na dia ny

hanandrana an'izany aza. Masi-mandidy Izy; manao izay Tiany hatao Izy. Afaka manaja fotsiny aho ary afaka miteny fotsiny izay Lazainy.

162 Ary ankehitriny mitsangana manodidina ny rindrina izy ireo, mifanety izy ireto, mifanery. Manontany tena aho raha mba afaka manontany an'Andriamanitra isika amin'ireto teny ireto hoe, "Inona ity fanintonana ity?" Raha hihetsika eo anivontsika indray Andriamanitra (mety misy vahiny eto), ary hihetsika eo anivontsika ka haneho ny Tavany voatahy eo anivontsika, haneho fa eto ny Fanahiny, haneho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ka ny tsirairay amintsika (taorian'ireto Hafatra mahery anankiroa ireto) dia afaka ny hino fa izany ilay izy? Afaka hanao an'izany ve ianareo? Eny àry.

163 Raha tokony hiantso laharam-bavaka anankiray, àry; mafana, tery, mitsangana miankin-drindrina. Mijery amin'*ity* ilany ity aho, mba hiantsoako ny laharam-bavako, tsy vitanareo ilay izy; jereo, iretsy mitsangana iretsy. Afaka hiantso an'izany ve aho amin'*ity* ilany ity? Ny mararinareo, ireo fandrianan'ny marary, ny zavatra hafa, mipetraka; tsy vitanareo izany. Koa mipetraha eo amin'izay misy anareo, ary minoa an'Andriamanitra. Raha manana karatra fangataham-bavaka anankiray ianareo, dia tazony izany, ho tsara izany. Hikarakara anareo izahay raha tianareo ny handalo eo amin'ny laharana. Fa tsy mila mandalo amin'ny laharana ianareo.

164 Ilay Atoa. Shepherd, tamin'ny Alahady hariva lasa teo, tsy nandalo laharam-bavaka mihitsy. Izaho tsy—izaho tsy mihevitra fa nanana karatra fangataham-bavaka anankiray izy. Eto ve Atoa. Shepherd izao hariva izao? Aiza izy? Eto ve izy? Iry aoriana iry izy. Nanana karatra fangataham-bavaka anankiray ve ianao, Atoa. Shepherd? Tsy nanana ianao? Tsy nanana izy. Mipetraka eo mihitsy indray izy, izao hariva izao. Izany no toerana tsara anankiray hitoerana, Rahalahy Shepherd.

165 Tsy hoe tsy maintsy ho eo fotsiny ianareo, fa manàna mihitsy finoana. Satria, tadidio, fa vehivavy kely anankiray no nikasika ny Lambany dia Tsapany izany. Ary Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary ny taratasy ho an'ny Hebreo, ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia nilaza fa Izy no Mpisoronabe izao hariva izao izay mety ho "kasihan'ny fihetsehan'ny fahalemenareo." Mino an'izany ve ianareo? Manàna àry finoana! Aza misalasala amin'Izany. Minoa an'Izany, dia tsy maintsy hiseho izany. Afaka mahazo izay—izay nangatahanareo ianareo, raha afaka mino an'Izany ianareo. Saingy tsy maintsy mino an'Izany ianareo. Hanao an'izany ve ianareo? Hino an'Izany ve ianareo rehetra? Firy no hino an'Izany ankehitriny? Andriamanitra hitahy anareo.

166 Izaho tsy mahafantatra hoe iza no iza. Tsy mahafantatra ny iray aminareo aho. Tsy asako ny mahafantatra na iza na

iza aminareo. Asan'Andriamanitra ny mahafantatra an'izany zavatra izany. Saingy hanao an'izany Izy raha hino an'Izany ianareo. Hino an'Izany ve ianareo ankehitriny?

167 Ankehitriny, Andriamanitra Malala, azo antoka fa tsy andiana Kristiana metisy izahay, tsy ho izany izahay, olona izay tsy maintsy ho safosafoina sy ho tambatambazana. Tsy manana an'izany karazana izany Ianao, Tompo. Manana mpino matanjaka Ianao. Ilay tena Fanatrehan'Andriamanitra no manao ny fon'ny olona hirehitra afo. Tahaka an'i Abrahama, nino an'Andriamanitra izy. Ianao no nanao ny Tenanao ho fantatra teo aminy, avy eo dia niseho taminy Ianao ka nanao famantarana anankiray, ka dia nino Anao izy. Ianao no namerina ny vatany indray ho tovolahy tanora, ary ny vadiny ihany koa, fa, ny vadiny dia ampahan'ny vatany. Avy eo dia nivoaka ilay zaza vaovao, ilay zanaka nampanantenaina.

168 Andriamanitra, Ianao no nampanantena fa ho zavatra mitovy amin'izany ny amin'izao andro izao. Mivavaka aho mba Hanamarinanao an'izany Teny izany. Ary hihazona mihitsy eo amin'io teny fikasana iray io izahay, fa ho tahaka ny tao Sodoma izany, nialoha indrindra ny nandorana an'i Sodoma ka namelezan'ny fitsarana an'i Sodoma, ilay izao tontolo izao Jentilisa. Toy izany koa no efa hamelezan'ny fitsarana an'izao tontolo izao Jentilisa, ka hahazoan'ny Jiosy telo taona sy tapany hafa indray ao anatin'ny fotoan'ny Fahoriambe, ny fahorian'i Jakoba, ny fitohizan'ilay fitopolo herinandron'i Daniela. Saingy, voaisa ny andron'ny Jentilisa, fotoana handehanana izao. Ary Ianao no nanome an'izany famantarana izany, ary nilaza Ianao fa ho toy izany indray io. Ekeo izany, Andriamanitra. Izy ireo dia, izahay dia eo an-Tànanao, ataovy aminay izay Hitanao fa sahaza. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

169 Ankehitriny aza taitaitra. Hanao ahoana moa raha taitaitra aho? Ankehitriny, dia hanao zavatra anankiray aho eto ka izany dia tsy maintsy miankina amin'ny fahefan'Andriamanitra. Fa nahoana aho no manao an'izao? Izy no nilaza fa ho izany ilay izy. Vita hatreo izany. Ary raha manao ny Tenany ho tahaka izany Izy, voamarina tahaka an'izany eo anatrehanareo, eny, tsy afaka ny hino Azy ve ianareo? Izany tokoa. Manàna finoana fotsiny ianareo ankehitriny dia minoa.

Avelao aho hijery manodidina fotsiny, hahita hoe aiza no hitarihan'ny Fanahy Masina, inona no Hataony. Tsy fantatro izay Hataony, miankina Aminy izany. Fa raha hanana finoana fotsiny ihany ianareo, mino fotsiny, "Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino." Mino an'izany ve ianareo rehetra, atsangano ny tànanareo ka mitenena hoe, "Tena mino an'Izany aho." [Hoy ny fiangonana hoe, "Tena mino an'Izany aho."—Mpand.] Amin'ny foko rehetra, mino an'Izany aho.

170 Ankehitriny ny telo dia ho fanamarinana anankiray, raha hanao an'ilay izy in-telo misesy Izy, mba hanaporofo aminareo fa marina Izany. Tsy ahoako na aiza ianareo na aiza, na iza ianareo, manàna fotsiny ianareo finoana dia minoa. Ankehitriny, aza—aza mandehandeha. *Ity* ilany ity.

171 Ramatoa, izay mivavaka, tsy mahafantatra anao aho. Mipetraha fotsiny eo amin'izay misy anao; tsy mila tonga ianao. Tsy mahafantatra anao aho, saingy ianao dia mihazona zazavavy kely anankiray amin'ny tànanao, na eo amin'ny lohalikao. Tena vahiny aminao tanteraka aho. Ary toa ohatry ny ara-dalàna ilay zazavavy kely, toa ohatry ny tsara izy. Zazavavy kely mahafatifaty izy, zazavavy kely mena volo. Nijery azy aho eto, toa ohatry ny tsy kilemaina izy na zavatra hafa. Tsy fantatro izay tsy mety aminy. Mety tsy ho an'ilay ankizy angamba ilay izy; mety ho anao ilay izy. Fa sendra nahita anao fotsiny aho nipetraka teo niaraka tamin'io ankizy io, ary nivavaka. Tsy maintsy hiresaka aminao iray minitra aho, mba hahazo ny fanahinao, tahaka ny nolazain'i Jesosy tamin'ilay vehivavy hoe, "Omeo rano Aho," hitanao, mba hahazo an-tsaina fotsiny—hahazo an-tsaina olona anankiray. Rahalahy Bryant sy ny hafa izay mipetraka eto, fantatro ireto olona mipetraka eto ireto. Izy ireo dia mety mila zavatra, ihany koa, saingy ianao kosa dia vahiny anankiray.

172 Mino ahy ho mpanimamin'Andriamanitra ve ianao? Mino ve ianao fa ireo zavatra izay norenesinao izao hariva izao dia ny Fahamarinana? Ankehitriny, raha hanambara amiko ny zavatra izay nataonao Andriamanitra, na zavatra izay tsy tokony ho nataonao, na zavatra izay tsy mety aminao, na inona ny fanirianao, dia ianao no hahafantatra na marina ilay izy na tsia. Sa tsy izany? Ary raha hanao an'izany Izy, hanamarina ny Teniny ve izany fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ka ho voaseho ilay Masindahy Lioka 17:30? Mino an'Izany ve ianao?

173 Ankehitriny, nanangana ny tànany ilay ramatoa fa tsy mifankahalala izahay. Tsy mahafantatra anao aho, fa miezaka mifandray amin'ny fanahiny aho, olona anankiray. Misy betsaka aminareo no misintona. Ankehitriny, minoa an'Izao amin'ny fonareo rehetra ianareo.

Ankehitriny, dia ho an'ilay zazavavy kely ilay izy. Tsy ianao ilay izy. Taitaitra ianao, saingy tsy ilay fahataitairanao no manelingelina anao. Ny zavatra lehibe ao am-ponao dia io zazavavy kely io. Ary mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko hoe inona ilay izy? Mino an'izany ve ianao? Hanampy anao ve izany, hino amin'izay ve ianao? Ratra ao amin'ny atidoha ilay izy. Marina izany? Ankehitriny apetraho eo amin'ny lohan'ilay zazavavy kely ny tànanao; ny tànanao.

174 Andriamanitra Malala, Ianao no nilaza hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Hametraka

ny tànany amin'ny marary izy, dia ho sitrana izy ireny." Mpino anankiray ilay vehivavy. Eo ambonin'ilay ankizy ny tànany. Enga anie izy ho sitrana. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anolorako an'izao vavaka izao. Amena.

175 Ankehitriny mino ve ianareo, ianareo rehetra? Raha afaka mino ianareo, dia azo atao ny zavatra rehetra. Izany tokoa!

176 Fantatro ilay ramatoa mipetraka eo akaikiny, fa tena tso-po tokoa izy mijery aty. Tsy vitako ny miantso ny anarany, saingy izaho. . .Raha mijery azy iray minitra aho, dia ho fantatro. Fa fantatro amin'ny endrika ilay vehivavy, saingy tsy fantatro kosa hoe inona ny aretinao. Mino ve ianao fa izaho. . .Andriamanitra hamela ahy hahafantatra hoe inona ny aretinao? Ianao ve. . .Hanampy anao ve izany? Diabetan-tsiramamy. Ankehitriny, raha marina izany, atsangano ny tànanao. Izany tokoa!

177 Toy ny mitranga amin'ilay ramatoa izay mandry. . .mipetraka eo akaikinao io, tratran'ilay zavatra mitovy izy. Vahiny anankiray izy. Ilay ramatoa anankiray dia mivavaka ho an'ny olona iray, ankizy kilemaina anankiray. Minoa amin'ny fonao rehetra, dia hanaiky an'izany Andriamanitra.

178 Olona iray eto aoriana eto. Lehilahy mipetraka ery, miezaka ny hiala amin'ny fifohana sigara. Mino ve ianao fa Andriamanitra no hanala an'izany aminao? Eny àry. Mino ianao? Afaka mahazo an'izany ianao. Tsy mbola nahita an'ilay lehilahy aho teo amin'ny fiainako.

179 Indro misy lehilahy anankiray. Hitanareo ve ilay aloka mainty mihantona eo ambonin'io lehilahy eto io mihitsy izay mandry eo ambonin'ny fandrian'ny marary anankiray, na seza anankiray? An-dàlam-pahafatesana izy. Voaaloka izy. Tratry ny homamiadana izy. Tsy fantatro ilay lehilahy, tsy mbola nahita azy mihitsy aho. Andriamanitra no mahafantatra ny momba anao rehetra. Izany no fahamarinana, tompoko. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka hiteny amiko ny zavatra momba anao? Hanampy anao ve izany mba handraisanao ny fahasitrananao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, mino aho."—Mpand.] Sakaiza anankiray no nitondra anao teto. Fa tsy avy eto ianao, ianao dia avy any amin'izay misy rano midadasika be izay hanjonoan'ny olona. ["Hia."] Hia, Albany, Kentucky. ["Marina izany."] Marina izany. Minoa, dia afaka mody ianao, tsara. Minoa fa efa lasa ilay izy. Raha hino an'Izany ianao! Tsy maintsy mino an'Izany ianao, ka mino fa efa natao ho anao izany. Mino ianao?

180 Ianao, avy any Tennessee, manana zazalahy izay tratry ny sohiaka. Tsy eto, saingy mino ve ianao fa ho sitrana izy? Noho izany dia ento ny mosaranao, ny. . .iny an-tànanao iny, ho any aminy. Ho sitrana izy raha hino an'Izany ianao.

181 Ilay ramatoa izay mitomany, mipetraka eo am-pitan'ny Dokotera Vayle iry. Izy dia voaaloka, ihany koa, aloka mainty anankiray. Tsy mbola nahita an'ilay vehivavy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, fa tratry ny homamiadana izy. Ho faty izy raha tsy misy zavatra hatao ho azy. Mino ve ianao fa hanasitrana anao Izy, ramatoa? Mety ianao? Afaka mahazo ny fahasitrananao ianao, raha hino fotsiny ianao.

182 Misy ramatoa kely anankiray mipetraka aoriany mihitsy miaraka amin'ny mosara anankiray eo amin'ny vavany. Tratry ny aretim-bavony koa izy, marary. Tratry ny tsy fahatsiarovan-tena ianao, jambena, torana. Olona anankiray no nitondra anao teto. Tratry ny aretim-behivavy ianao. Raha hino ianao, dia afaka mody ianao, ho tsara.

183 Ianao, ry tovolahy, vahiny anankiray ianao; mipetraka eto alohako eto mihitsy, mijery ahy. Inona ianao, Portoricain na zavatra anankiray? Hia, ny tiako ho lazaina,. . .?. . .! Vahiny aminao aho. Fantatrao izany; tsy avy amin'ny fireneko akory aza ianao. Saingy mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka manome anao ny fanirian'ny fonao? Raha ho lazaiko anao hoe inona ilay fanirianao, dia handray an'izany ve ianao? Mitady ny batisan'ny Fanahy Masina ianao. Marina izany. Raiso ny Fanahy Masina, rahalahiko.

184 Indro lehilahy mainty hoditra anankiray mipetraka eto aoriana eto, manana enta-mavesatra ao am-pony. Ho an'ny vadiny ilay izy. Tsy eto izy, na izany aza. Tratry ny aretina ao amin'ny tongony izy. Mino ve ianao fa hanasitrana azy Izy? Hino ianao? Vahiny ianao eto. Avy any ampitan-dranomasina ianao. Avy any Jamaica ianao. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia afaka miteny amiko hoe iza ianao? Atoa. Brady. Mino ianao? Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

185 Io ramatoa mipetraka ery aoriana ery amin'*io* farany io, akaikin-dRtoa. Wright, manana enta-mavesatra ao am-pony izy. Mivavaka ho an'ny zanakavavy anankiray izy. Handalo fandidiana anankiray izy. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao, ho azy? Tsy hila an'izany izy raha vitanao ny hampino azy an'Izany. Tsy mahay manasitrana aho.

186 Iry aoriana iry ao amin'ny efitranon'ankizy, mahita ny Fanahin'ny Tompo aho, Anjely anankiray, Hazavana anankiray mihetsika ao amin'ilay efitranon'ankizy. Eo ambonin'ny ramatoa tanora anankiray Izany, ary tratry ny olana ara-panahy izy ka manontany tena ny amin'izany. Toa ohatry ny tokony ho fantatro ilay vehivavy, na izany aza, vehivavy tanora anankiray. Tratry ny aretim-behivavy koa izy. Eny. Ny anarany dia Rtoa. West, avy any Alabama, Rtoa. David West. Minoa; hanaiky an'izany ho anao Andriamanitra.

187 "Hisy Mazava, ary amin'izany andro izany rehefa hiseho ny Zanak'olona." Raha tsy Jesosy Kristy izay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay izany, dia tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany aho. Mino an'Izany ve ianareo? Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino.

188 Ianareo izay eo amin'ny fanamafisam-peo manerana ny firenena ankehitriny, ary ao amin'ity tabernakla ity, firy aminareo no hanangana ny tànanareo ka hanao hoe, "Mpino anankiray aho"? Ankehitriny, ianareo any ivelan'ny firenena any, ny tsirairay avy izay manana ny tànany mitsangana, eto. Ary any ivelany any, any ampitan'ny firenena lavitra any, manangana ny tànanareo ianareo, tsy isalasalana. Ankehitriny akimpio ny masonareo, apetraho fotsiny eo ambonin'ny olona eo akaikinareo ny tànanareo. Raiso ny tànan'izy ireo. Apetraho eo ambonin'ny sorony izany. Izaho hametraka ny tànako eo ambonin'ireo mosara. Jereo izay vita androany! Jereo izay vita ankehitriny.

> Mandinika ny Endriny masina
> Mamiratry ny fitiavan'Andriamanitra;
> Mpandray anjara voatahy amin'ny Fahasoavany,
> Hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

Ankehitriny mivavaha. Ndao isika hivavaka, na aiza na aiza.

189 Andriamanitra Malala, tonga ny ora. Inona no dikan'izany? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny! Inona ilay fanintonana, Tompo? Andriamanitra manatanteraka ny Teniny izany. Inona izao manerana ny firenena izao, amin'ny alàlan'ny fanelanelanan'ny telefona, ka olona an-jatony maro no mametraka ny tànany eo amin'ny anankiray hafa manerana ny firenena, avy any amin'ny morontsiraka iray mankany amin'ny iray hafa, avy any Avaratra mankany Atsimo, Atsinanana mankany Andrefana? Eto dia misy olona mipetraka avy any amin'ny firenen-kafa, fanjakana maro, Mexico, Canada, ary mametraka ny tànanay eo amin'ny anankiray hafa izahay. Andriamanitra manatanteraka ny Teniny!

190 Ahoana moa no nahafahan'ny olona anankiray nitsangana teto tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina ka niantso olona anankiray tahaka ny Nataony tamin'i Simona Petera hoe, "Ny anaranao dia Simona, ianao dia zanak'i Jonasy"?

"Mandehana alaivo ny vadinao dia mankanesa eto."

"Tsy manam-bady aho."

"Marina tokoa. Manana dimy ianao."

191 Hoy izy hoe, "Fantatro fa ho avy ny Mesia ka hanao an'izao, fa Iza moa Ianao?"

Hoy Izy hoe, “Izaho no Izy.”

192 Ary Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ary Ianao no nampanantena hoe, “Ny asa izay Ataoko no hataonareo koa. Mihoatra noho izany aza no hataonareo, satria Aho mankany amin’ny Ray.” “Ary, indro, amin’ny andro farany Aho dia haniraka an’i Elia, mpaminany, ary izy no hanova ny fisainan’ny olona, hamerina ny fon’ny zanaka ho amin’ilay Fampianarana apostolika an’ny Baiboly.” “Ary hisy Mazava amin’ny andro hariva.”

193 Indreto izahay, Andriamanitry ny Lanitra lehibe! Eto ilay ora! Eo ambonin’ny olona ireo tànana.

194 Satana, resy ianao. Mpandainga ianao. Ka, amin’ny maha-mpanompon’Andriamanitra, sy amin’ny maha-mpanompo, dia mandidy an’izany amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy izahay, mba hankatoavanao ny Tenin’Andriamanitra, ka mivoaha amin’ny olona, satria voasoratra hoe, “Amin’ny Anarako no handroahan’izy ireo ny devoly.”

195 Ary aoka ny olona rehetra ho afaka. Ekeo izany, Andriamanitra Malala. Ianao no Andriamanitry ny Lanitra izay nandresy, tamin’izany andro izany niaraka tamin’ny fanintonana iray teo an-Tendrombohitra Kalvary, an’ireo fahararian a rehetra sy aretina ary ny asan’ny Devoly rehetra. Andriamanitra Ianao. Ary ny olona dia sitrana tamin’ny alàlan’ny Dian-kapokao. Afaka izy ireo. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Amena.

196 Andriamanitra, ny mosara rehetra izay mipetraka eto, rehefa manatrika ny Fanahin’Andriamanitra, rehefa eo amin’ny olona ilay hosotr’i Jesosy Kristy, ka tanteraka ireo famantarana lehibe izay Nampanantenainy, ka mangovitra ny tany, mitranga ireo horohorontany, ireo famantarana lehibe izay Nolazainy, ary ireo Soratra izay tanteraka, ka ny Hazavan’ny hariva mamiratra. Apetrako eto amin’ireto mosara ireto ny vatako, misolo an’izao vatan’ny mpino manontolo izao avy any Atsinanana, Andrefana, Avaratra, ary Atsimo; ary miteny amin’ilay Devoly hoe, “Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, mialà amin’ny marary tsirairay izay hametrahana an’ireto,” ho an’ny haja sy ny voninahitry ny Tenin’Andriamanitra. Amin’ny Anaran’ny Tenin’Andriamanitra, Jesosy Kristy avy any Nazareta. Amena.

197 Ankehitriny, am-pahanginana, am-pilaminana, am-pahatoniana, ary ao amin’ny fisainanareo tsara, amin’ny maha-mpino, mino ve ianareo ankehitriny ka manaiky ny fahasitranananareo avy amin’Andriamanitra Tsitoha, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy? Raha mino ianareo, dia atsangano ny tànanareo. Ny rehetra any ivelan’ny firenena, atsangano ny tànanareo any. Ny olona tsirairay ato, arak’izay lavitra

indrindra azoko jerena, dia manangana ny tànany; ato anatiny, any ivelany, miankina amin'ny varavarankely, ny eo am-baravarana, ny ao amin'ny efitranon'ankizy, ary ny manodidina rehetra, olona miaraka amin'ny tànany mitsangana. Manaiky an'Izany izy ireo. Resy i Satana! Ny dian-kapok'i Jesosy Kristy no manasitrana anareo, ary ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy no manamarina ny porofo fa velona Izy androany, mbola afaka mihazona ny teny fikasana tsirairay izay Nataony. Amena! Mino Azy aho. Tsy ianareo ve? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

198 Ankehitriny ndao isika hitsangana. Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba hanaiky ny zavatra rehetra izay vita na voalaza, tia Azy amin'ny fontsika rehetra isika. Tia Azy fatratra amin'izay rehetra ao anatintsika isika. Ankehitriny raha handeha no any an-tranonareo samihafa ianareo manomboka izao hariva izao, dia homba anareo anie Andriamanitra. Hanome anareo ny Fanahy Masina anie Andriamanitra raha tsy manana ny Fanahy Masina ianareo.

199 Ny lehilahy rehetra, vehivavy, tovolahy, na tovovavy, eto, izay mbola tsy vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia misy akanjo eto, dobo. Aza avela ho rahampitso izay tokony ho vita androany. Mety efa ho tara loatra ny rahampitso. "Ampy ho an'ny androany, ho an'ny andro, ny ratsy miseho eo aminy." Misy an'ireo mpitoriteny izay mitsangana, miandry, ny akanjo miandry. Tsy misy fialan-tsiny. Miandry ve ianareo? Raha miandry ianareo, dia minoa ianareo. Tsy mampaninona na ahoana no nanaovana batisa anareo, nasitrika, nofafazana, na inona na inona ilay izy, dia fahadisoana anankiray izany. Tonga ny Mazava. Avia, minoa, dia aoka hatao batisa.

200 Ny tsirairay tsy manana ny Fanahy Masina, enga anie ianareo handray ny Fanahy Masina, ny tsirairay aminareo, ao amin'ilay herin'Andriamanitra feno sy fitiavana izay Nampanantenainy anareo, mba hanao anareo ho olom-baovao ao Aminy. Andriamanitra hitahy anareo.

201 Ankehitriny, mandra-pahatongan'ny Alahady maraina manaraka amin'ny sivy sy sasany, dia ndao isika hihira an'ity hira kely ity izay nihiraintsika taloha taona maro lasa izay.

> Aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana,
> Te-hihaona aminareo ao Jesosy;
> Izy no haka ny ahiahinareo rehetra,
> Aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana.

Ndao isika hiaraka hihira an'izany ankehitriny.

> Aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana,
> Te-hihaona aminareo ao Jesosy;
> Izy no haka ny ahiahinareo rehetra,
> Oh, aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana.

202 Ankehitriny raha mihira an'izany indray isika, mifandraisa tànana amin'ny mpivahiny anankiray eo akaikinareo, hitanareo, raha mihira an'izany isika.

> Aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana,
> Oh, te-hihaona aminareo ao Jesosy;
> Izy no haka ny ahiahinareo rehetra,
> Oh, aza manadino ny vavaka isam-pianakaviana.

203 Tsy tia Azy ve ianareo? Tiako Izy. Tiako Izy satria nitia ahy mialoha Izy ka nividy ny famonjena ho ahy (izany ilay fanintonana) teo an-Tendrombohitra Kalvary. Ilay fanintonana mitovy no teo amin'ny Tendrombohitra Sunset, Tendrombohitra Nebo, Tendrombohitra Sinay, ireo fahatsapana rehetra teo amin'ny tampon-tendrombohitra samihafa. Noho izany, eny àry, ndao isika hihira an'izany ankehitriny.

> Tiako Izy, tiako Izy
> Satria nitia mialoha Izy
> Ka niv-. . .famonjena
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

204 Izay rehetra tia Azy, mitenena hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ho tanteraka anie izany! Ankehitriny eritrereto fotsiny izay Nataony ho anareo; eritrereto, hoe mety ho tany amin'ny trano fisotroana tany ianareo izao hariva izao. Mety ho tany am-pasana angamba ianareo tahaka ny mety haha-tany ahy, raha tsy noho ny famindram-pon'Andriamanitra. Inona no Nataony ho anareo? Oh, ahoana no hahafahantsika hiala amin'ny fitiavana Azy? Aza miraharaha izay lazain'iza na iza, Izy no voalohany.

205 Ndao isika hanakimpy ny masontsika, ary hanondrika ny lohantsika raha mihira an'izany ho Azy isika ankehitriny. Tia hira Izy, mihira fiderana. Ndao isika hihira an'izany ho Azy ankehitriny.

> Tiako Izy, tiako Izy
> Satria nitia ahy mialoha Izy
> Ka nividy ny famonjena ho ahy
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

206 Miaraka amin'ny lohantsika sy ny fontsika miondrika eo amin'ny Fanatrehany, fankasitrahana ny amin'izay hitan'ny masontsika, izay ren'ny sofintsika, izay voatahiry ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, inona ilay Fampanantenany ho antsika androany. Andriamanitra hitahy anareo.

207 Isika dia manana o—olona nasaina miaraka amintsika izao hariva izao, rahalahy anankiray, Ned Iverson, mpitoriteny Presbyterana fahiny. Ny rainy, ireo rahalahiny, dia mpitoriteny Presbyterana. Izy, raha ny fahazoako, dia natao batisa androany, indray, tamin'ny Anaran'i

Jesosy Kristy. Mpitoriteny izy, ary tsara anankiray amin'izany. Ary ankehitriny dia hangataka azy aho, satria inoako fa mpanompon'Andriamanitra izy, hangataka ny fitahian'Andriamanitra ho eo amin'ity fiangonana ity raha hody any an-tranonareo ianareo.

208 Rahalahy Iverson, mandrosoa, raha manondrika ny lohantsika isika ao anatin'ny vavaka. Andriamanitra hitahy anao, rahalahiko.

*Inona Ilay Fanintonana Eo An-Tendrombohitra?* MAG65-0725e
(What Is The Attraction On The Mountain?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 25 Jolay, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org